Malagasy
Lean Not Unto Thy Own Understanding
65-0120

**Torinten'i**
**William Marrion Branham**
*"... in the days of the voice ..." Rev. 10:7*

# Aza Miankina Amin'ny Fahalalanao

Phoenix, Arizona USA
20 Janoary 1965

## Teny fampidirana

Ny asampanompoana hafa kely an'i William Branham dia valin'ny Fanahy Masina ny amin'ny faminanian'ny Soratra Masina ao amin'ny Malakia 3:23–24, Lioka 17:30, ary Apokalipsy 10:7. Io asampanompoana manerantany dia faratampony amin'ireo faminaniana hafa ara-baiboly, ary ny fitohizan'ny asan'Andriamanitra amin'ny alalan'ny Fanahiny Masina amin'izao andro farany izao. Io asampanompoana io dia voalaza ao amin'ny Soratra Masina, mba hanomana ny olona ho amin'ny Fihavin'i Jesosy Kristy Fanindroany.

Mivavaka izahay mba hahatonga ny Teny voadika printy ho voasoratra ao anantin'ny fonareo raha feno vavaka ianareo eo ampamakiana ity hafatra ity.

Ny rakipeo sy ny dika soratra amin'ireo torinteny mihoatra ny 1 100 nentin'i William Branham dia azo alaina sy avoaka printy maimaimpoana amin'ny fiteny maro samy hafa ao amin'ny

## www.messagehub.info

Rehefa natao daholo ny ezaka rehetra mba ahazoana antoka ny fandikana, dia miangavy anareo mba hijery ny rakipeo voalohany tamin'ny teny Anglisy izay mirakitra marina tsara ny toriteny.

Ity asa ity dia azo adika ary zaraina raha toa ka adika manontolo, tsy ovaina, ary mamaimpoana ny fizarana azy.

254 Tianareo ve izany? [Namaly ny fiangonana hoe: "Haleloia." — Mpandika.] Amena. Ahinjiro ny tànantsika mba handray tànana ny hafa. Vakiantsiaka ny hatsiaka ho an'ireo fivoriana, izao, manomboka tsara izany, ho an'ny fihaonana. Mitenena hoe: "Hitahy anao anie Andriamanitra, ry rahalahy, mpivahiny. Hitahy anao anie Andriamanitra." Mahafinaritra izany. Tsara izany. Mahafinaritra! Ankehitriny mino ve hianareo fa hisy fihaonana lehibe ataontsika, aorian'izao? ["Amena."] Misaotra an'Andriamanitra isika noho ireo fivoriana lehibe, ary ankehitriny dia hanana fihaonana lehibe isika. Izay rehetra mino an'izany dia aoka hanao hoe: "Amena." ["Amena."]

Mijery Anao ny finoako,
Hianao, ry Zanak'ondry
(Aoka isika hijery Azy ankehitriny.) tao Kalvary,
Ô ry Andriamanitra Mpamonjy ô;
Henoy ny vavako,
Fafao ny otako,
Enga anie aho manomboka anio
Mba ho Anao manontolo.
Ary amin'izao làlana sarotra izao,
Izay feno fahoriana,
Ô, dia aoka Hianao ho Mpitarika ahy!
Ampandosiro ireto aizina,
Tongava mamafa ny ranomasoko,
Mba ho Anao manontolo anie aho
Manomboka anio.

255 Amena! Namaly ny fiangonana hoe: "Amena." [Namaly ny fiangonana hoe: "Amena." — Mpandika.] Haleloia!

O, miderà Azy,
Miderà an'Ilay Zanak'ondry efa voavono ho an'ny mpanota;
Omeo Azy ny Voninahitra, hianareo vahoaka rehetra,
Fa ny Ràny no namafa ny pentina rehetra.
Mahatalanjona izany!

256 Eny, ankehitriny afaka hiondrika ve isika raha hanonona ny fitahiana. Tsy mahalala aho hoe iza no voafidy hanao izany. Rahalahy Johnny Manadal, avy any Californie, hiondrika ihany isika. Ankehitriny, aza adinonareo, rahampitso hariva, no ho voalohany, miatomboka izany. Rahampitso hariva, eto no hisy ilay fihaonana, ato amin'ity efi-trano ity, amin'ny fito ora sy sasany.

257 Hitahy anareo anie Andriamanitra. Nankasitrahanareo ve ny Fanatrehan'Andriamanitra? [Namaly ny fiangonana hoe: "Amena." — Mpandika.] Amena. Ankehitriny dia hiondrika isika, mandritra ny fotoana hamaranan'ny Rahalahy Johnny ny fivoriana.

# Aza Miankina Amin'ny Fahalalanao

1 Hijanona hitsangana fotoana fohy isika ankehitriny, mba hivavaka. Firy no manana zavatra angatahina ao am-pony eto, tianareo ve ny hanaovan'Andriamanitra zavatra manokana ho anareo mandritra izao fihaonana izao? Ankehitriny dia hiondrika eo Anatrehany isika.

2 Ry Ray any An-danitra, izahay dia vahoaka manana tombon-tsoa miavaka raha afaka ny hiangona eto amin'ny Anaran'ny Tompo Jesosy, ao anatin'ny firenena malalaka, izay, hatramin'izao, afaka midera Anao izahay araka izay lazain'ny fieritreretanay. Ary mangataka izahay, Ray ô, mba ho tahaka izany hatrany anie. Ary ankehitriny, enga anie izahay mba ho afaka ny hanararaotra an'izao tombon-tsoa lehibe anananay izao. Enga anie izahay mba ho afaka hametraka ny fonay rehetra amin'izao fivoriana anio hariva izao, mba hanompo Anao, mba ahafahanay milaza fa "Teo anivonay Andriamanitra anio hariva, ka nitahy ny Vahoakany Izy". Vonjeo izay fanahy very ka tonga eto izao hariva izao, Tompo ô. Ary ireo rehetra nihemotra, mba hiverina ao an-tranon'Andriamanitra anie izy ireo. Mangataka aho mba ho sitrana avokoa anie ny marary, mba handeha ireo osa, mba hahiratra ny jamba, mba handre ny marenina, mba homena an'i Jesosy Kristy izay eto anivon'ny Vahoakany anie ny fiderana sy ny voninahitra. Mba ho voarakitra hatrany ao anatin'ny fitadidianay anie ny fahatsiarovana, Tompo ô, satria tafangona izahay ka nangataka an'ireo fitahiana ireo amin'ny Anaran'i Jesosy. Amena.

Afaka mipetraka hianareo.

3 Na inona mety ho antony, rehefa tonga any amin'ny Toeram-pivoriana any Ramada aho, amin'ny heviny iray, dia tahaka ny mody any an-trano foana izany, satria matetika aho no tany ka he—heveriko fa tena manomboka mahafantatra ahy izy ireo. Ary faly aho ny amin'izany, satria nahita antokon'olona nahafinaritra aho tao amin'ireo Toeram-pivoriana any Ramada ireo. Ilay tany Tucson sy ity koa, tena tsara fanahy indrindra taminay ny olona, tamin'ny namelany anay hanao an'ireo fivoriana ireo. Vao tsy ela, nanao ny iray tamin'ireo fivoriako tao amin'ny Toeram-pivoriana tao Ramada aho, ary tsy namela ahy handoa ny ofan'ny trano nivoriana ilay tompony. Tena tsara fanahy izany. Mahatsiaro an'izany koa aho rehefa mamangy an'ireo firenen-kafa, any koa, maro ireo olona tsara fanahy manoloana ny fianakavian'Andriamanitra.

4 Ankehitriny, hatramin'ny alahady hariva, na ny marimarina kokoa hatramin'ny alahady tolakandro, nanana fotoana voatahy tao amin'ny Tompo isika, na koa, ho ahy aloha dia izay, izaho. Nandalo fotoana mahafinaritra aho, nankafy an'ireo Fitahiany, sy ny firaisana amin'ny Fanahy Masina, sady, miaraka amin'ny Vahoakany.

5 Tiako—tiako ny mitazona ao an-tsaina fa miaraka isika, samy manompo an'Andriamanitra. Hianareo dia toetran'Andriamanitra, ampahan'Andriamanitra, rehefa tonga zanak'Andriamanitra lahy sy vavy hianareo. Ary Andriamanitra dia ao anatinareo, te-hanatanteraka ny Sitrapony

Izy, raha tahiny ka mamela Azy hiasa hianareo.

6 Koa, manantena isika, izao hariva izao, mba hanadino an'ireo mety nameno ny androny ny tsirairay, ka havela etsy an'ilany izany rehetra izany, mba hametraka ny fontsika ao amin'ny fivoriana, ankehitriny; tsy izao hariva izao ihany, fa mandritra ny fihaonana rehetra ho avy manaraka. Azo antoka fa betsaka ireo solon-tena tonga mivory eto izao. Raha ny marina, mahita olona maromaro kokoa aho eto ambony lampihazo anio hariva, mivory isika noho ny fihaonana izay hanomboka rahampitso. Ary hangataka amin'ireo olona izay eto aho noho ireo fivoriana ho fifohazam-panahy vao nataontsika, raha azonareo hatao, dia tiako mba hijanona hanatrika ireo fihaonana hianareo. Betsaka ireo mpitori-teny mahafinaritra voasoratra ao amin'ny programa. Nisy rahalahy anankiray tsy afaka ny ho tonga, ary, nefa betsaka ny afaka hisolo azy eto. Ny tenako aza, tiako ny mba ho eo mandritra ny fihaonana rehetra, mba hankafy ny fiombonan'ny mpirahalahy.

7 Fantatrareo tsara, miakatra ety ambony lampihazo izahay, izahay mpitori-teny, ka mitory teny, ary eo izahay mba hanome izay rehetra ato anatinay ho an'ny olona. Nisy fotoana nitoriako ny amin'ny loha-hevitra iray, ny amin'izay nolazain'i Jesosy hoe: "Hevero ny lisy, tsy mba—mba miasa na mamoly ireny; nefa lazaiko aminareo fa na dia Solomona tao amin'ny voninahiny rehetra aza tsy mba nitafy tahaka ny anankiray amin'ireny." Ary hitako fa ny lisy dia tsy maintsy mitombo andro aman'alina, mamoly, miasa, mba hamirapiratra. Nefa tsy misy tombon-tsoa ho an'ny tenany manokana hazony avy amin'izany. Manokatra ny tenany izy, ary—ary izay mandalo mandre ny hanitrany. Ny renitantely dia mandeha mitady tantely izay ao anatiny lalina ao. Ny zavatra rehetra izay voarainy ho vidin'ny asany, dia atolony avokoa. Ary ny lohateny omeko an'izany hafatro izany dia ny hoe: Andriamatoa pastora Lisy, koa, loha-hevitra somary hafahafa izany.

8 Nefa—nefa izany tokoa, ireo mpitori-teny dia manolo-tena ho an'ny olona, ary noho izany, tsara ny mipetraka ka—ka mihaino ny hafa. Izany dia mitovy amin'ny mamindro eo akaiky ny afo, tiantsika ny mipetraka eo amin'ny fahazavan'ny lelafo avy amin'ny hafa, sady manafana ny fontsika amin'ny Filazantsara izay torian'ny rahalahintsika amin'ireo olona. Ary faly aho raha manana anjara hanao an'izany. Ary ankehitriny, manantena aho fa izao hariva izao…

9 Billy nilaza tamiko fa nizara karatra fangataham-bavaka izy, izay rehetra nananany. Tsy afaka ny hampandalo ny laharana fangataham-bavaka eto ambonin'ity lampihazo ity isika, na dia tokony atao aza izany. Hitanareo, tsy maintsy hivoaka hiodina avy ery hianareo, ka handalo amin'ny lalantsara maizina, izay vao ho tonga amin'ity faritra ity. Handona karazan-javatra maro hianareo vao ho tonga hatr'eto. Ireo izay ory sy malemy dia ho tena sahirana, raha mbola hanao an'izany.

10 Nefa isika tsy mahalala izay mety hataon'ny Tompontsika. Mety hidina



tsirairay, amin'ny Andro Fitsarana. Ny zavatra rehetra izay notoriako anio hariva, dia hampamoahina ny amin'izany aho. Tonga saina ny amin'izany aho. Inona no nataoko hatramin'ny fahatanorako, raha tsy nitory an'ity Filazantsara ity, nefa holavina aho avy eo?

249 Ankehitriny, firy aminareo no marary sy ory ka eto izao hariva izao, mba tianareo ve ny hivavahana? Atsangano ny tànanareo. Ankehitriny, mbola afaka ny hanao zavatra kely ho ahy ve hianareo? Aoka samy hifametra-tànana hianareo. Mifametraha tànana. Samy hiondrika isika rehetra ankehitriny, tahaka ny hoe tao amin'ny fiangonana mihitsy; eto ambony lampihazo.

250 Ry Andriamanitra malala, amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, sy ny Fanatrehany, Fanatrehana izay voamarina! Ny Teny izay notoriana mihitsy no voamarina, mba hilazàna fa Hianao no tsy miova omaly, anio ary mandrakizay. Enga anie mba hanenika an'izay mivory eto ankehitriny ny Fanahin'Andriamanitra. Betsaka tamin'izy ireo no tonga ka nanaiky Anao ho Mpamonjy azy, betsaka ireo nihemotra no nanaiky Anao ka niverina indray. Andriamanitra ô, mangataka Aminao aho, amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, mba hanasitrana ny tsirairay. Nilaza Hianao: "Izao famantarana izao no hanaraka izay mino: hametra-tànana amin'ny marary izy dia ho sitrana ireny." Efa nampanantena an'izany Hianao, Tompo ô, ary ireo zanaka mino dia efa nifametra-tànana.

251 Ry Satana, efa resy hianao. Mivoaha amin'ireto olona ireto, amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy. Avelao handeha ireto olona ireto, ho an'ny Fanjakan'Andriamanitra, amin'ny Anaran'i Jesosy. Amena.

252 Ny sasany aminareo izay mino fa Jesosy Kristy no Mpanasitrana anareo ankehitriny, sady Mpanavotra anareo koa, ka te-hanaiky Azy eo ambonin'izany fototra izany, aoka izy hitsangana, ka hiteny hoe: "Manaiky an'i Jesosy ho Mpanasitrana ahy aho ankehitriny, sady ho Mpamonjy ahy koa." Mahafinaritra! Voninahitra ho an'ny Tompo! Misaotra, Tompo ô! Ankehitriny dia atsangantsika ny tànantsika ka ndeha hihira ho Azy.

Hidera Azy aho, hidera Azy aho,
Hidera an'Ilay Zanak'ondry efa voavono ho an'ny mpanota;
Omeo Azy ny Voninahitra, hianareo vahoaka rehetra,
Fa ny Ràny no namafa ny pentina rehetra.

253 Ô, mahazo aina tsara hianareo, tsy izany ve? Atsangano ny tànanareo. Ô! la la! Mbola hihira an'izany indray isika.

Hidera Azy aho, hidera Azy aho,
Hidera an'Ilay Zanak'ondry efa voavono ho an'ny…

(Aoka ho tadidinareo, io Zanak'ondry io dia "tsy miova omaly, anio ary mandrakizay".)

Omeo Azy ny Voninahitra, hianareo vahoaka rehetra,
Fa ny Ràny no namafa ny pentina rehetra.

manana toerana mba hipetrahana hianareo, manangana tànana fotsiny, raha tehanao hoe: "Izaho, Andriamanitra ô, izaho no resahina amin'izany"? Hitahy anao anie Andriamanitra, rahalahy. Hitahy anao anie Andriamanitra, ary hianao koa; ary hianao koa, ry anabavy; ary hianao koa, ry rahalahiko; ary hianao koa, ry anabaviko.

243 Ô, mandehandeha malefaka indrindra eto anivon'ireto mpihaino ny Fanahy Masina. Afaka ny mahatsapa Azy ve hianareo? Hitahy anao anie Andriamanitra, ry tovolahy, izay eto amin'ny lampihazo. Hitahy anao anie Andriamanitra, hianao amin'ny sisiny, iry. Hitahy anao anie Andriamanitra, ry tovolahy. Eny.

244 Fanahy Masina ô, miasà indray ato am-ponay ankehitriny. Asehoy anay ny fahadisoanay, Tompo ô. Izahay tsy… Tsy hiankina amin'ny fahalalanay manokana, ny fisainanay manokana. Fa miankina Aminao izahay, satria fantatray fa mitazona ny Fampanantenanao Andriamanitra voamarina izahay, ny amin'ny ankehitriny. Naneho ny maha-Izy Anao ambonin'ny zavatra rehetra Hianao, ambonin'ny fisainana rehetra. Tsy afaka ny handinika na hanazava an'izany zavatra izany izahay. Fa nidina teto Hianao, eto anivonay, ankehitriny, ary Nasehonao anay fa eto Hianao. Ary lehilahy sy vehivavy maro no mino an'izany ka manaiky.

245 Andriamanitra ô, raiso eo An-tratranao ny tsirairay amin'izy ireo, ka afeno ao anatin'ny Vatolampy tamin'ny Taona rehetra, mandra-pahalasan'ny afo. Tsy ho ela dia hodorana ny eto aminay, Tompo ô. Fantatray izany. Tafaverina tamin'ny Sodoma izahay. "Fa ny marina dia tsy hiaraka ny ho levona amin'ny tsy marina." Hiantso an'ireo Zanakao Hianao, Tompo ô. Niteny tamin'i Lota Hianao hoe: "Mivoaha tao. Mivoaha." Mangataka aho, Andriamanitra ô, enga anie ny tsirairay izay ao anatin'izany toerana izany anio hariva, izay ao amin'izany, ireo izay tsy mahazo antoka ny toerana misy azy…

246 Andriamanitra ô, tsy ho sahisahy handray ny làlana midina nefa mifanohitra ka tsy mety hiverenana izy ireo. Tsy ho sahisahy tsy hitandrina ny amin'ny jiro mena fampijanonana izy ireo, raha tena tonga saina, satria mety ho faty izy ireo. Koa, ahoana no mety mahatonga ny olona ho sahisahy raha ny amin'ny ho aviny Mandrakizay, ka hionona fotsiny ny amin'ny fiheverantena, ny amin'ny fieritreretana, sahy milalao nefa tsy nahazo alalana hilalao akory, satria mpikambana ao amin'ny fiangonana na anaram-piangonana izy? Ary, tena, tsy afaka izy ireo, tsy afaka ny hahafantatra fa ny Tenin'Andriamanitra dia afaka ny hiseho tahaka ny nisehoany tamin'izany fotoana izany koa ankehitriny, fa afaka ny hiseho ireo teny fampanantenana ireo. "Ny taona apostolika, efa lasa izany." Ampio izy ireo, Ray ô. Ankiniko Aminao amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy izy ireo. Amena.

247 Misaotra, ry rahalahiko, ry anabaviko. Tena faly aho raha afaka ny miantso anareo hoe rahalahiko, anabaviko.

248 Tadidionareo, fa hampamoahin'Andriamanitra aho ny amin'ny teny



avy hatrany eto anivontsika Izy, anio hariva, ka—ka hanasitrana an'ireo rehetra izay eto Izy, ny aretina rehetra. Ô, tiako lavitra ny hahita an'izany noho ireo laharana fangataham-bavaka rehetra mety nataoko tamin'ny fiainako, ny—ny mahita ny fahambonin'Andriamanitra midina eo anivon'ireo Zanany mpankato. Izany no zavatra tena ti—tiako, hatramin'izay.

11 Matetika, raha manana fifandraisana manokana amin'ny olona hianareo, ohatra, ny fametrahan-tànana, dia mety hisy, —tsy heveriko fa betsaka ny hanao an'izany, —koa, ny hilazan'ireo hoe: "Mpitori-teny Ranona no nametra-tànana tamiko, ary, voninahitra ho an'Andriamanitra!" Noho ny fanaovana an'izany, dia lasa mijery an'io mpitori-teny io ny olona.

12 Nefa raha afaka ny mitsangana eto fotsiny ny tena, mitory ny Teny, ka mamela ny Fanahy Masina hanasitrana ny tsirairay, dia fahasoavan'Andriamanitra tanteraka izany, ary izay irery ihany. Ary amin'izany, dia azon'Andriamanitra ny fiderana rehetra, ny voninahitra rehetra, ary tsy misy aloka na zavatra hafa ho an'ny olon-kafa. Fa tahaka izany no ataoko, amin'izao fanompoana ataoko izao, ny antony izay tsy ahazoako olona betsaka, raha tsy ohatra ka… Eny, omaly hariva, niezaka nivavaka ho an'ny maro isa indrindra araka izay azo natao isika. Nefa raha ny amin'ny fametrahan-tànana…

13 Izany dia, matetika, ny hariva, angamba mety ho tonga eto anivontsika fotsiny ny Fanahy Masina, ka hanomboka ny haneho ny Tenany, manambara ny Tenany eto anivontsika. Ary, tahaka izany, raha ny hevitro, fa azo tsapaintànana izany, rehefa afaka, izany hoe, hiasa amin'ny Fahamboniany indrindra Izy, hitanareo. Izaho, tsy afaka ny hanao hoe: "Io lehilahy io, na io vehivavy io, na io zazakely io", hitanareo. Fa ny Fanahy Masina no mifindrafindra ato anaty efi-trano, ka miresaka amin'ny olona izay Tiany resahina. Hitanareo, izany, maneho famboniana. Ary koa, toy izany no ahatongavan'ny fahalalana, satria fampanantenan'Andriamanitra izany, ary toy izany no ahatongavan'ny fahalalana avy amin'Andriamanitra, ao amin'ny Fahamboniany, ka midina eto anivontsika ny Fanatrehany. Tokony hahita an'izany isika ka hifaly! Ary na inona na inona…

14 Hoy hianareo hoe: "Ahoana àry, nanana tànana kilemaina aho. Teto aho omaly hariva. Tsy—tsy—tsy tsara noho ny teo aloha aho." Tsy misy fifandraisany mihitsy izany. Ho anareo, zavatra efa vita izany. Tsy ny tànanareo no jerenareo amin'izany fotoana izany, fa ny teny fampanantenana, hitanareo. Vokatr'izany, tsy afaka ny hiteny hianareo hoe: "Ahoana àry, Rahalahy Ranona dia tsy nivavaka tamin'ny vavaky ny finoana, na ilay olona toy izao sy izao." Fa ny Fanatrehan'ny Tompo no nanome finoana anareo, hitanareo, koa nandefa ny Teniny Izy ka nanasitrana azy ireo.

15 Ankehitriny, omaly hariva, mbola—mbola tsy nahatana izay nampanantenaiko indray aho. Tena hiezaka ny hitazona an'izany aho anio hariva, raha azoko atao. Eny, nisy olona nanao hoe: "Tsy nitazona ny loha-

hevitrao hianao omaly hariva." Tsia, Tsy—Tsy nitazona an'izany aho, satria, holazaiko anareo ny antony. Nanana faniriana ny hitory loha-hevitra iray aho, tsy tena tadidiko tsara izany ankehitriny; "Fa Andriamanitra, manan-karena amin'ny famindrampo."

16 Ary nanomboka nanazava izay zavatra nolazain'i Paoly aho teo, rehefa nilaza izy hoe: "Isika fahiny, izay," nisy fotoana, ivelan'ny ankehitriny, "maty noho ny—noho ny fahotantsika sy ny fahadisoantsika; dia nahavelona antsika Andriamanitra, namelon'Aina." Eny, hitanareo, alohan'ny ahafahan'ny zavatra anankiray hovelomina, dia tsy maintsy misy zavatra aloha eo hamelona azy. Izany tokoa.

17 Noho izany, hitanareo, raha tao anatin'ny fahalalan'Andriamanitra mialoha hianareo, dia tonga ampahan'Andriamanitra. Ary ny fomba tokana ho anareo mba ho tonga zanak'Andriamanitra lahy na vavy, dia satria efa ampahan'Andriamanitra hianareo, ary Andriamanitra dia tsy feno raha tsy eo hianareo. Tsy maintsy izay. Izany tokoa, satria tokana ihany, tsy misy afa-tsy tokana ihany ny loharanon'ny Fiainana Mandrakizay, Andriamanitra izany, ary Izy irery ihany no manana Fiainana Mandrakizay. Hitanareo? Noho izany, ary hianareo dia efa Ampahany, raha izany lafiny izany dia Toetrany hianareo, na efa tao anatin'ny Fisainany hatramin'ny voalohany. Ary noho izany zavatra izany, satria nisaina ny aminareo Izy hatramin'ny voalohany, no mahatonga anareo voasintona ho eo Aminy. Fa izany no tokony velomina. Betsaka ny olona tsy ho velona mihitsy; satria tsy ao anatiny fotsiny izany, dia izay ihany.

18 Izany dia mitovy amin'ny voan-katsaka nataonareo anaty tany, izay tsy nisy… Mety ho tsara endrika ivelany, fa raha tsy misy an'ilay tsirin'aina ao anatiny, dia tsy afaka ny hovelomina mihitsy izany. Fa ilay tsirin'aina dia tsy maintsy hita ao aloha.

19 Ary naka ny tantaran'ilay voromahery aho, izay nandehandeha niaraka tamin'ireo renin'akoho sy ireo zanak'akoho, satria nokotrehina sy foy tao izy, nefa tsy mbola nahatsapa ho mitovy tamin'ireo zanak'akoho ireo mihitsy izy. Ary, fantatrareo, fa rehefa nandalo ny reniny ka nandefa antso, dia naheno ny feo izay tena nahafinaritra azy indrindra izy, satria, tadidionareo, voromahery hatrany am-piandohana izy. Ny zavatra tokana mety nataony, dia ny hifankahita, ny ahita ny toerany.

20 Ary tahaka izany ho an'ny mpino rehetra. Tsy nateraka ho an'ity izao tontolo izao ity hianareo. Ho toy ny endrik'Andriamanitra no nanaovana anareo, mba ho zanak'Andriamanitra. Ary tsy eo amin'ny toeranareo hianareo raha ao anatin'izao tranon'akoho ety izao. Voromahery hianareo.

21 Fantatrareo fa, rehefa tafaresaka ny amin'izany "voromahery izany" aho, lasa tsy tafaverina tety ambony tany intsony, koa dia… Nitory teny ela loatra aho, dia hadinoko ny loha-hevitro, tsy tafandray ireo naotiko sy ny sisa rehetra intsony aho. Tena zava-dehibe izany, ny fotoana nananako teo. Fa izany no zavatra nisy, rehefa tafaresaka ny amin'io "voromahery" io.



Andriamanitra. Hitahy anao anie Andriamanitra, hianareo koa. "Andriamanitra ô, ampio aho." Hitahy anareo rehetra anie Andriamanitra. Tsara izany. Tohizo hatrany ny fitsangananareo.

235 235.Hoy hianareo hoe: "Hampandroso ahy ve izao zavatra izao?" Mitsangàna avy hatrany, dia ho hitanareo raha hampandroso anareo izany. Aoka ho tena tsotra ny fonareo: "Mila aho, Rahalahy Branham, te-handeha mahitsy aho. Te-handeha mahitsy aho."

236 Eny, tsy manàla anareo amin'ny fiangonanareo aho. Tsia tompoko. Mijanona ao, amin'izay toerana misy anao, fa aoka hianao ho tena olona feno ny Fanahy Masina ao amin'izany fiangonana izany, izay ihany. Hoy hianareo: "Eny àry, tsy fantatro izay holazain'ny pastorako ny amin'izany." Ho tia anareo izy raha toa hianareo, raha olon'Andriamanitra izy. Izany tokoa.

237 "Aoka hazava eo amison'ny olona toy izany koa ny fahazavanareo, mba hahitany ny asa soa ataonareo ka hankalazainy ny Rainareo."

238 Hitahy anao anie Andriamanitra. Koa, dia hitahy anareo roa anie Andriamanitra, ary hianao koa; sy hianao koa, ry rahalahy, hianao. Hitahy anareo anie Andriamanitra, ny rehetra. Hitahy anareo anie Andriamanitra. Hitahy anareo izay eto anie Andriamanitra.

239 Ankehitriny, hianareo izay nitsangana, raha nahatsapa-tena fa nahazo aina kokoa hianareo rehefa nitsagana, dia atsangano ny tànanareo mba hampahafantarina ny hafa fa tsara kokoa hianareo rehefa nitsangana. Hitanareo, ireo tànana rehetra. Hitanareo? Mazava ho azy fa nahazo aina hianareo. Hitanareo, tsotra ny fonareo. Mitsangana hianareo, mba hilaza hoe: "Ho vavolombelona aho."

240 "Izay miandany Amiko ety, dia hiandany aminy koa Aho rehefa tonga any. Izay menatra Ahy ety, eo anatrehan'ny olona, dia ho menatra azy koa Aho eo anatrehan'ny Raiko sy ireo Anjely masina." Aoka tsy ho menatra Azy hianareo. Aza miankina amin'ny fandinihanareo manokana. Aoka hianareo hiankina amin'ny Tenin'Andriamanitra. "Izay manaiky ahy eo anatrehan'ny olona, dia hanaiky azy koa Aho eo anatrehan'ny Raiko sy ireo Anjely masina."

241 Misy olona hafa koa ve, alohan'ny hivavahantsika? Raha izany àry, hiondrika isika. Hitahy anao anie Andriamanitra, ry anabavy. Eny tokoa. Hitahy anao anie Andriamanitra, ary hianao koa, ry rahalahy. Azo antoka. Mbola misy hafa ve, etsy, mandritra ny fotoana hiondrehantsika? Hitahy anao anie Andriamanitra, ary hianao koa. Eny, izay tokoa, mbola misy mitsangana ihany. Hiandriandry kely fotsiny isika, fotoana fohy. Hitahy anao anie Andriamanitra, ry rahalahy. Hitahy anao anie Andriamanitra. Hoy hianareo hoe: "Misy dikany ve ny filazàna hoe: 'Hitahy anareo anie Andriamanitra'?" Fa toy izany no anononako ireo fitahiana omeko anareo. Hitahy anareo anie Andriamanitra.

242 Ny sasany aminareo izay mitsangana eny amin'ny sisin'ny rindrina, tsy

azy ireo nametraka pensily hazo teo amin'ny tany aho, ary dia nitsangana izany sady nanoratra tamin'ny fiteny tsy fantatra; ary ilay mpamosavy vavy, na lahy dia nitsangana teo, ka nomeny ny dikany.

229 Koa, ny fitenenana tsy fantatra, dia tsy famantarana fa manana Fanahy Masina hianareo. Raha toa ka, raha miteny tsy fantatra hianareo nefa mandà an'ity Teny ity, dia misy zavatra tsy mandeha amin'ny laoniny any ho any. Marina izany, eny, marina izany. Aza miankina amin'ny fahalalanareo manokana.

230 Nisy olona, eny, hoy hianareo hoe: "Ahoana àry, nihiakiaka aho." Izaho koa, mba mihiakiaka. Kanefa aza miankina amin'izany hianareo.

231 Nahita an'ireo karazana hery demoniaka maro aho izay nihiakiaka sady nidradradradra. Nahita silamo nihiakiaka sy nidradradradra aho, tena nanao araka izay heriny, ka hatramin'ny nanindrona ny tànany tamin'ny zava-maranitra. Tany Inde, nahita azy ireo nihiakiaka aho, nitsambikimbikina, nandray ny zavatra boribory feno rano ary nasiany lelam-pintana teo amin'ny hodiny, ary nandehandeha teo ambony vain'afo, marina izany, nefa mandà an'i Jesosy Kristy izy ireo.

232 Hitanareo, aza miankina amin'ny fahalalanareo manokana, fa amin'ny Tenin'Andriamanitra. Raha tsy mifanaraka amin'ity Baiboly ity ny fiainanareo, mba hino ny Teny tsirairay ao, nefa te-hino an'Izany hianareo, ka tianareo mba hanao ny Sitrapony ao anatinareo Andriamanitra, — satria mety ho ampahan'Andriamanitra hianareo, — afaka ny hitsangana ve hianareo, hiteny hoe: "Hanaiky an'izany avy hatrany aho, rahalahy." Misaotra. Misaotra. Hitahy anao anie Andriamanitra. Hitahy anao anie Andriamanitra. Hitahy anao anie Andriamanitra. Hitahy anao anie Andriamanitra. Hitahy anao anie Andriamanitra. Mahafinaritra. Hitahy anareo anie Andriamanitra. Heken'Andriamanitra ho anareo anie izany, hianareo, ireo olona tso-po rehetra. Hoy hianareo… Tohizo hatrany-hatrany ny fitsangananareo, hatrany…

233 Hoy hianareo: "Mpikambana amin'ny fiangonana aho, ry Rahalahy Branham, fa ny tena marina, pentekôtista aho, ny tena marina, fa ny hilazana hoe, ny tena marina, afaka mino ny Teny rehetra ho Fahamarinana aho, tsy vitako ny hanao izany, nefa mba—mba te-hanao an'izany aho. Ampio aho, mivavaha ho ahy. Te-hitsangana aho ka hanao hoe: 'Izaho—izaho…'" Hoy hianareo: "Marina fa, andraso, mipetraka eto aho, ka efa niseho tamin'ity fiangonana ity ho zavatra aho, ho manana ny maha-izy ahy." Nefa fantatrareo kosa, fa ao amin'ny fonareo lalina ao, fa tsy eo no misy anareo. Andriamanitra ihany koa, Fantany fa tsy eo no misy anareo, hitanareo, koa nahoana no tsy mitsangana hianareo? Aza miankina amin'ny fahalalanareo manokana, fa aoka hiankina amin'ny Teniny.

234 Te-hitsangana ve hianareo, misy olon-kafa ve? Misy olon-kafa te-hitsangana koa ve? Hitahy anao anie Andriamanitra. Hitahy anao anie



22 Ankehitriny, enga anie io Voromahery io, Andriamanitra! Fantatrareo fa, Andriamanitra dia mampitaha an'ireo Mpaminaniny amin'ny voromahery. Ary Omeny anarana hoe voromahery koa ny Tenany; Izy no Jehovah Voromahery, Ray Voromahery.

23 Ary raha Omeny an'izany anarana izany ny Tenany, dia satria ny voromahery no afaka manidina ambony mihoatra noho ny vorona rehetra, ary koa hafa mihitsy ny fomba nanamboarana azy ka tsy mitovy amin'ny vorona hafa rehetra. Fa, tsy mba manamboatra ny akaniny ety ambony tany izy, tahaka an'ireo akoho sy ny sisa, fa mandeha eny amin'ny toerana avo izy rehefa manamboatra ny akaniny.

24 Misy zavatra hafa koa: vorona manam-batana hafa mihitsy izy. Eny, raha ny—ny faucon na ny goaika, na ny fanindry, na izay mety karazam-borona hafa, ka miezaka ny hanaraka azy eny amin'ny habakabaka, dia hiparitaka ny tenany, tsy nomena vatana ho amin'izany izy. Ilaina olona voatokana mba hiakatra eny ambony eny. Ireo volony dia tena mipetaka mafy kokoa noho ny an'ireo vorona hafa rehetra.

25 Ary—ary ny masony dia tena mahita lavitra kokoa noho ireo vorona hafa rehetra. Ary arakaraka ny hikarany, no hahitany lavitra kokoa. Raha ny izy, ny vorona sasany, rehefa tonga eo amin'ny toerana ambony izay tokony hisy azy, dia tsy mahita lavitra mitovy amin'ny biby atao hoe "taupe". Ary izany dia mitovy ho an'ny… Koa, rehefa misaraka amin'ny anaram-piangonany izy ireo, dia tsy mahalala na inona na inona momba Izany intsony. "Efa lasa ny andron'ny fahagagana." Nahoana? Tsy afaka ny hitany Izany tsinona.

26 Fa ireo voromahery dia afaka miakatra hatrany amin'ny habakabaka, ary hatrany amin'ny habakabaky ny Lanitra, eny ambony. Inona ny ilàna miakatra Eny, raha tsy afaka ny mahita ny tena? Ô, tena faly indrindra aho raha mba isan'izy ireo, ary mifampiraharaha ankehitriny miaraka ao amin'ny tranom-boromahery anankiray feno voromahery.

27 Raisintsika ny ao amin'ny Testamenta Taloha, ny Bokin'ny Ohabolana, nosoratan'i Solomona, iray tamin'ireo olona hendry indrindra teto an-tany, taorin'ny Jesosy Tompontsika. Fa Izy dia tsy tena nitovy tamin'i Solomona, raha ny fahaterahan'i Solomona tamin'ny alalan'ny vehivavy sy avy amin'ny ray tety an-tany no jerena, dia Davida. Fa Jesosy dia Zanaka nateraky ny virijina, ary tsy olona fotsiny Izy, fa Andriamanitra koa, Andriamanitra-Olona, ambony noho ny olona Izy, Izy dia olona ambony kokoa. Hitanareo? Fa Solomona dia olona tahaka ahy sy tahaka anareo ihany, ary nangataka fahendrena tamin'Andriamanitra izy, mba hitondrany ny fanjakany. Ary nanana fanomezam-pahasoavan'ny fahendrena izy, olona nanan-tsaina indrindra izay tsy mbola nisy tahaka azy, taorian'ny Tompontsika. Izy no nanoratra ny Ohabolana, ary hitako fa tena tsara izy ireo.

28 Ankehitriny àry, handray ny Bokin'ny Ohabolana isika, amin'ny toko 1, sy, na, ny marimarina kokoa amin'ny toko faha-2, sy ireo andininy voalohany

amin'ny Ohabolana, toko faha-2, manomboka amin'ny andininy 1. Ohabolana toko faha-2, manomboka amin'ny 1, ny tohin'ireo toro-hevitra nomen'i Solomona an'ireo zanany: "Anaka, raha raisinao…" Miala tsiny aho.

29 Ohabolana 3.1 izany. Miala tsiny aho. Nijery teto aho, tato—tato anatin'ny bokiko, ary hitako fa Ohabolana toko faha-3 izany, fa tsy 1 na 2. Miala tsiny aho. Ohabolana 3.1.

> *Anaka, aza manadino ny lalàko, fa aoka ny fonao hitandrina ny didiko;*
> *Fa izy ireo dia… fa andro maro sy taona ela iainana, ary fiadanana no hanampiany ho anao.*
> *Aoka tsy handao anao ny famindrampo sy ny fahamarinana; afehezo eo am-bozonao izany, ary soraty ao amin'ny fonao tahaka ny amin'ny vato fisaka.*
> *Ka dia hahazo fitia sy fahalalana tsara eo anatrehan'Andriamanitra sy ny olona hianao.*
> *Matokia an'i Jehovah amin'ny fonao rehetra, fa aza miankina amin'ny fahalalanao;*
> *Maneke Azy amin'ny alehanao rehetra, fa Izy handamina ny làlanao.*

30 Ô, hitako fa tena Andian-tsoratra tsara indrindra izany! Ankehitriny dia tiako ny handray loha-hevitra, nosintomina ao—ao amin'ny andininy faha-5: Aza miankina amin'ny fahalalanao.

31 Kanefa, loha-hevitra izay—izay tena hafahafa izany ho an'izao andro iainantsika izao, satria ankehitriny dia azo antoka fa omena lanjany betsaka ny fampianarana, ary ny amin'ny fahalalana izay ananantsika ny amin'ireo zavatra maro, amin'izao andron'ny—ny fahalalana izao. Nefa hitantsika fa ity fanambarana hafahafa ity, eto, tahaka ireo Andian-tsoratra hafa ihany koa, dia manana ny toerany, ary matoky an'Andriamanitra isika fa Izy no haneho amintsika ny toeranan'Izany.

32 Ankehitriny, mandefa ny zanatsika any an-tsekoly isika, mba ahazoany fahalalana ny amin'ireo zavatra maro. Raha vao tapitra ny sekoly ambaratonga voalohany, dia mandefa azy any amin'ny ambaratonga faharoa isika mba hahazoany fahalalana tsaratsara kokoa amin'ny lafiny ara-pahalalana. Ary rehefa tapitra ireo fianarana ireo, ny ankizy sasany aza dia manana anjara ny handeha eny amin'ny oniversite, mandeha eny amin'ny oniversite izy mba hahatonga an'ireo fianarany sy ireo fahaizany ho tanteraka amin'ny lafiny ara-pahalalana. Izany no zavatra takiana amin'izy ireo… Matetika, mba hahazoana asa, dia ilaina ny nianatra farafahakeliny tamin'ny ambaratonga faharoa, na ambaratonga ambony kokoa, sy ny sisa.

33 Kanefa, Solomona ilay olon-kendry dia nilaza tamintsika mba "tsy hiankinantsika eo ambonin'izany, tsy eo amin'ny fahalalantsika manokana; aza avy eo no handraisanareo fahaizana." Ny antony dia satria, manontany tena



fanazavana rehetra. Anontanio ireo olona ireo; tsy mbola nahita azy ireo mihitsy aho tamin'ny fiainako, tena tsy nahalala na inona na inona mikasika azy ireo. Afaka ny hitohy ihany izany izao, ato amin'ny fiangonana rehetra.

224 Fa, ankehitriny, jereonareo, aza miankina amin'ny fahalalanareo manokana, fa aoka hianareo hiankina amin'izay zavatra Nampanantenainy, fa ho Ataony. Tsy izany ihany ve ilay Fanahy nitoetra tao anatin'ny nofon'olombelona iray, izay nahalala fa nihomehy i Saraha tao anatin'ny trano-lay, tao ivohon'izany Lehilahy izany. Tsy marina ve? Ary nampanantena Izy, alohakelin'ny hamotehana an'izao tontolo izao amin'ny afo, dia hiseho indray amin'ny fomba mitovy tamin'izany ny Zanak'olona, fa ny—ny Zanak'olona (mpaminany) dia hiseho ao amin'ny nofon'olombelona iray, tahaka ny Ataony miaraka amintsika eto izao hariva izao, — mitovy tamin'izay Nataony fahiny. Amin'ny firy aza ny ora ivelomantsika raha izany? Tena manakaiky ny fandringanana.

225 Ry sakaizako, aza mijanona mpanota ela intsony, raha eto hianao. Ekeo Jesosy Kristy, raha mbola eto amin'ny Fanatrehany. Eny, fantatro, izay fanaon'ireo mpitori-teny matetika, araka ny fomba, miangavy anareo izy ireo ka manao tantara maro, miresaka ny amin'ny reny izay maty ka lasa any an-koatra. Tsy misy maharatsy an'izany. Fa tsy tonga eto isika noho ny renintsika izay maty. Ny reniko koa, efa maty izy; mitovy amin'izany koa ny raiko. Fa tonga araka ny tokony ho izy isika, amin'ny fanekena an'izany noho ny nanehoan'Andriamanitra ny Tenany tao amin'i Jesosy Kristy mba hanaisotra ny fahotan'izao tontolo izao. Tonga isika ka mametraka ny finoantsika ao amin'ny Fanavotana. Ankehitriny satria nanamarina ny Teniny Izy…

226 Na inona na inona fiangonana izay nandehananareo, tsy mampaninona ahy izany, na fiangonana metodista, batista, katolika, presbyteriana, na tsy misy fiangonana akory. Raha vonona hianareo ny hiaiky fa nandray fahafantarana hafa, ka fantatrareo fa tsy mbola nateraka indray mihitsy hianareo, nefa maniry an'izany, ary koa maniry ny hanaiky an'izany ankehitriny, ny teny fikasana, ankehitriny. Mety tsy ho feno eo no ho eo hianareo, fa ho feno ihany hianareo raha… arakaraky ny hitohizan'ny fivoriana. Raha te-hanaiky an'izany eo amin'izay fototra izay hianareo, afaka ny hitsangana ve hianareo ary hivavaka ho anareo aho, eny amin'ny toerana misy anareo. Izay rehetra eto, izay mahalala…

227 Aza miankina amin'ny tenanareo, ka, hanao hoe: "Efa niteny tamin'ny fiteny tsy fantatra aho." Izany, tsy misy ifandraisany. Izaho koa, mino ny amin'ny fitenenana tsy fantatra.

228 Fa efa nahita mpamosavy vavy, devoly maro, sy ny sisa rehetra, niteny tsy fantatra ary koa nandika aho. Marina izany. Anontanio ireo misionera eto, afaka manontany ny momba an'izany isika, Rahalahy Creech, mahalala hianao fa marina izany. Nahita azy ireo niteny tsy fantatra aho, sady nisotro rà tao anatin'ny karan-dohan'olona, miantso ny devoly. Azo antoka izany. Nahita

tokoa. Ary mpitoriteny hianao, mpikambana ao amin'ny 'Assemblées de Dieu'. Marina izany. pastora McKeig hianao, na, atao hoe pastora Keig, izany tokoa. Marina ve izany? Asehoy izany ka atsangano ny tànanao, toy izao. Ankehitriny dia ho sitrana ny zanakao. Ny finoanao!

218 Ankehitriny inona izany? Eny, io lehilahy io dia eo, mitsangana ireo tànany, tsy mahafantatra ahy izy, tsy mahafantatra azy aho. Fa inona ny zavatra nisy? Nikasika an'Ilay Mpisoronabe izy. Kanefa, hitanareo, tsy afaka niankina tamin'ny fahalalany manokana izy. Ankehitriny, ny zavatra tokony ataony, inona ny zavatra sisa ataony, eo? Tokony mino izy fa ny zavatra voalaza taminy dia marina, satria fantany fa tsy mahafantatra ahy izy. Izany tokoa.

219 Indro, misy vehivavy iray mipetraka manoloana ahy eto, izy koa, manondrika ny lohany. Mararin'ny homa-miadana izy. Izy koa, dia avy any Californie. Manantena aho fa tsy handalo aminy fotsiny izao. Ramatoakely Adams, tahaka izany no fiantsoana anao. Tsy mbola nahita azy tamin'ny fiainako aho. Eny, tena marina izany.

220 Misy vehivavy anankiray mipetraka eny amin'ny farany eny, ato. Izaho dia tsy afaka mametraka…ny haneho azy amin'ny fanondro ihany, fa mahita ny Fahazavana eo amboniny aho. Manana olana goavana izy. Zavatra iray, marary ny tendany. Zavatra hafa koa, izy—izy dia ma—manana olana ara-panahy, mitebiteby izy, miahy tokoa ny amin'izany. Ary manana olana ara-pianakaviana izy; vao tsy ela no nandositra ny zananivavy. Izany tokoa. Marina izany, tsy izany ve? Mananga-tànana izy. Ramatoa Miller, izany tokoa. Mino ve hianao? Haverin'Andriamanitra aminao izy, hanasitrana ny tenanao Izy. Ankehitriny, tsy mbola nahita azy tamin'ny fiainako aho. Tena tsy fantatro mihitsy izy.

221 Misy vehivavy mipetraka eto, ato amin'ny fivoriana. Izy—izy koa tsy avy eto; izy koa, dia avy any Californie. Misy homa-miadana izy, ary homa-miadana eo amin'ny nono izany. Nodidina ny nonony ilany, ary dia nihanaka tamin'ny anankiray indray ilay homa-miadana. Izany tokoa. Ramatoa Kalin, izany tokoa. Mino ve hianao fa hanasitrana anao Andriamanitra? Mino an'izany hianao. Olona tsy fantatrao aho, ry madama, tsy mahafantatra anao aho. Marina izany. Hitanao? Ny azy, homa-miadana.

Mba hahalalanareo fa manatrika Andriamanitra!

222 Misy vehivavy mipetraka eo anilany. Ny anarany dia Ramatoa Harris. Tena olona tsy fantatro mihitsy izy. Fa rehefa nikasika an'io vehivavy io ny Fanahy, izy koa, dia nanana fangoraham-po ho azy, ary avy any Californie izy. Izany tokoa. Ary marary ny sorony. Izany tokoa. Mino ve hianao fa hanasitrana anao Andriamanitra? Raha marina izany, atsangano ny tànanao, mba hahitan'ny olona an'izany; tena olona tsy fantatro mihitsy izy.

223 Aza miankina amin'ny fahalalanareo manokana hianareo. Iza no mahavita an'izany? Tsy hay hazavaina izany. Tsy mampino nefa mitranga. Ivelan'ny



isika hoe inona no nahatonga azy nilaza zavatra toy izany, izany dia satria, matetika, ny fahalalantsika ankehitriny dia mifanaraka matetika amin'ny fahendren'ny olona, izay mifanohitra amin'ny Tenin'Andriamanitra. Heveriko fa ny toro-hevitra izay nezahan'i Solomona natolotra an'ireo zanany, dia tsy ny hoe tsy mandia fianarana, fa ny mba tsy hiankina amin'ny fahalalany.

34 Ary heveriko fa ho fampaherezana tsara ho an'ny andro ankehitriny izany, ny hilaza amin'ireo zanatsika sy amin'ireo zanak'Andriamanitra fa tsy misy maharatsy ny mianatra, tsy misy manohitra an'izany; fa rehefa mifanohitra amin'ny Tenin'Andriamanitra izany fianarana izany, dia aoka hianareo hiankina amin'ny Teny ka avelao izay mety nianaranareo, hitanareo, noho ny Teny. Ny fianarana dia hanampy anareo, hanome anareo asa tsara, mety hifanaraka tsara amin'ireo olona manam-pahaizana hianareo, kanefa, tsy misy maharatsy an'izany, mety hanampy anareo betsaka izany, hanampy anareo amin'ny lafiny ara-bola sy amin'ny—amin'ny fivelomanareo koa, mety ho tsaratsara kokoa ny fiainanareo noho izany zavatra izany.

35 Nefa aoka tsy hohadinoinao izao, ry zanako, tsy maintsy ho faty hianao. Na toy inona mety fianarana vitanareo, ny fahaiza-miaina rehetra mety voarainareo, tsy maintsy mifanatrika amin'ny fahafatesana ihany, satria voasoratra fa "ny olombelona dia tsy maintsy ho faty, ary rehefa afaka izany, dia hisy ny Fitsarana". Ary Andriamanitra, rehefa… Ny fahafatesana, tsy dia mampaninona loatra, fa ny mandalo Fitsarana, izany no tena mampatahotra. Eny, mety ho faty hianareo, "nefa rehefa afaka izany dia ho tonga ny Fitsarana". Ary Andriamanitra tsy hanontany anareo mihitsy izay fianarana vitanareo tety ambonin'ny tany, na firy ny fahaizana noratovinareo, na izay marim-pahaizana ambony momba ny hai-tsoratra, na izay diplôma mety voarainareo, na amin'ny maha-mpitori-teny aza. Tsy izany antony izany no hangatahina tatitra avy aminareo.

36 Fa ny hangatahina tatitra aminareo dia izay nataonareo tamin'ny fahazoanareo ny Tenin'Andriamanitra. Fa izany no hotakiana. Marina tokoa fa, ny fianaranareo, tsara izany, fa ny Tenin'Andriamanitra kosa, izany no Fianana. "Fa ny Teniko dia Fiainana", ary ny fahafantarana an'Izany, no Fiainana. Ary Izy, hoy Izy hoe: "Ny fahafantarana Azy, Izy." Izy dia Teny. Koa, tsy afaka ny hahafantatra Azy hianareo raha tsy amin'ny alalan'ny Teny, satria Teny Izy. Ary izany ihany no fomba ho anareo mba hahafantatra Azy, dia amin'ny alalan'ny Teniny.

37 Afaka ny hitsangana eto ny olona iray ka hilaza hoe: "Ity, dia Andriamanitra", na "izao, dia Andriamanitra," na "ity, dia Andriamanitra," na "ity, dia marina," ary "izao, dia marina", kanefa miverina amin'ny Teny hatrany isika, izay Fahamarinana.

38 Ny Teny, dia mitovy tanteraka amin'ny—ny kintana Fitarikandro, io no kintana tena izy. Na tahaka ny ahoana mety ihodinan'ny tany, ny kintana Fitarikandro dia mitoetra afovoany hatrany raha oharina amin'ny tany.

Amarininareo amin'ny alalan'ny kintana Fitarikandro ny famantaranavaratrareo. Izy io dia eo afovoany hatrany raha oharina amin'ny tany. Ireo kintana sasany dia miova toerana miaraka amin'ny tany, fa ny kintana Fitarikandro kosa dia mijanona tsy miova toerana.

**39** Kanefa, ny famantaranavaratra, dia ny Fanahy Masina, ary (ilay) ny—ny vatofantsikareo, dia ny kintana Fitarikandro; raha izany, ny Fanahy Masina dia hitarika anareo amin'ny Teny hatrany. Ny Fanahy Masina dia tsy hitarika anareo mihitsy ho amin'ny zavatra ivelan'ny Tenin'Andriamanitra. Noho izany, ahoana no hahafahan'ny olona anankiray hanaiky ny fampianaram-piangonana, izay mifanohitra amin'ny Teny, nefa mbola mihevi-tena hatrany ho manana ny Fanahy Masina? Ny Fanahy Masina dia hitarika anareo amin'ny làlana mifanohitra amin'izany. Ilaina ny Fanahy Masina, mba Hahafahany mitarika anareo amin'ny Teny, fa Izy no Teny. Izy no Teny, ary Izy ihany no afaka… Tahaka ny—tahaka ny fanindron'ny famantaranavaratra misy andriam-by izay tsy afaka ny hanondro raha tsy ny Avaratra ihany, fa izany faritra izany ihany no mahasintona azy, dia toy izany koa, satria ny Fanahy Masina no Nihavian'ny Teny, fa Izy no nanoratra an'Izany ary Izy koa no mamelona an'Izany, ahoana no Ahafahany hitarika ny olona amin'ny zavatra hafa ivelan'ny Teny?

**40** Koa, raha misy milaza-tena fa manana ny Fanahy Masina, nefa manaiky izay zavatra mifanohitra amin'ny Teny, hita araka izany fa tsy Ilay tena Fanahy Masina no ananany. Hitanareo? Mety ho fanahy izany, izay, tsy manohitra an'izany aho, nefa tsy—tsy Ilay Fanahy Masin'i Kristy izany. Ankehitriny, fantatrareo, matetika, dia mifamindra fanahy ny olona; ary noho izany, miaraka amin'izany, afaka ny ho voatarika izy ireo, izany hoe, antokon'olona, ho any amin'ny karazan-javatra iray, fa izy ireo tsy—izy ireo tsy ho voatarika amin'i Kristy mihitsy. Fa ny Fanahy Masina, Izy, mitarika ho any amin'i Kristy hatrany, ary Kristy dia Teny.

**41** Ary izany no hitantsika mazava tsara ato amin'ny Baiboly. Izany hoe, izay no hitako. Angamba mety ho diso aho, nefa, ny amin'ny fomba fijeriko, nefa tsy heveriko fa, noho ny hoe: "Aza miankina amin'ny fahalalanao manao zavatra." Raha miankina amin'ny fahalalanareo manokana hianareo, dia tsy maintsy hivoaka hiala amin'ny làlana tsara. Tsy afaka ny hiankina amin'ny fahalalan'ny olon-kafa koa hianareo, raha momba ny hoe Fiainana. Mba hahitana Fiainana, dia tsy maintsy miankina amin'ny Teny hianareo. Fa Izany no Fiainana.

**42** Ary izany no hitantsika, hatrany am-piandohana. Naseho tamintsika mazava tsara, hatrany am-piandohana, fa ny Teniny no nomen'Andriamanitra ny Ankohonany voalohany tety ambonin'ny tany, mba hahafahany mivelona amin'Izany. Ny Teny tokana ihany no natao hivelomany. Eny, tsy amin'ny fihinanana sakafo, sy ny sisa, fa ny Teniny no tokony hivelomany, Mandrakizay. Ary, raha mbola nijanona nahatoky tamin'ny Teny izy ireo, dia



Izy. Tsy fantatro izay fomba fanaovan'Andriamanitra an'izany rehetra izany, nefa ekeko izany. Izy—Izy no manao an'izany, ary toy izany. Raha ny marina, tsy haiko hazavaina izany. Ankehitriny, tsara, izaho… Tsy azo hazavaina mihitsy izany. Tsy misy olona mahay manazava an'izany. Satria raha manazava an'izany hianareo, amin'izany fotoana izany, tsy finoana intsony.

**212** Tsy afaka ny hahazo ny hoe Andriamanitra sy Kristy dia ho Olona tokana sady iray, nefa izany Izy ireo. Ny Soratra milaza an'izany. Koa raha izany, tsy afaka ny hazavainareo izany, nefa izany Izy ireo. "Ny Raiko dia ato Amiko. Tsy Izaho no manao ny asa fa ny Raiko izay mitoetra ato Anatiko. Raha tsy manao ny Asany Aho, dia maneho izany fa tsy avy Aminy Aho. Fa raha manao ny Asany Aho, dia Izy Tenany mihitsy no vavolombelona manambara fa avy Aminy Aho."

**213** Noho izany àry, mitovy amin'izany ankehitriny, mitovy tanteraka. Izy no tsy miova omaly, anio ary mandrakizay, raha vonona ny hino an'izany hianareo.

**214** Ankehitriny, misy lehilahy anankiray mipetraka eto anoloako eto, mavo antitra ny volony. Misy famantaranandro eny amin'ny tànana, miloko maizimaizina ny fitafiany. Manao solomaso izy. Raha mijery aty hianareo, dia hahita azy mipetraka, mikipy ny masony, mivavaka izy. Tsy mahafantatra an'io lehilahy io aho. Ny Ray any An-danitra mahalala fa tsy mahafantatra azy aho. Fa andeha hijery ny aminy aho mandritra ny fotoana vitsy, satria toa tena tsotra ny fony, mipetraka eo. Hatramin'ny fotoana nilazako an'izany, dia nanakipy ny masony fotsiny io lehilahy io sady nivavaka. Io lehilahy io dia tsy fantatro, eto, hitanareo ny tànako. Tsy mahafantatra azy aho. Andriamanitra dia mahafantatra an'io lehilahy io, ary afaka manambara amiko Izy, raha marina ity Teny fampanantenan'ny Baiboly ity, — Afaka Hambarany amiko ny antony mahatonga an'ity lehilahy ity manakipy ny masony, sy ny antony hivavahany. Mino an'izany ve hianareo? [Namaly ny fiangonana hoe: "Amena." — Mpandika.]

**215** Mino an'izany ve hianao, ramose? Raha afaka manokatra ny masonao hianao, hianao, izay mipetraka eto, mijere aty. Mino an'izany ve hianao? Tsara izany. Ankehitriny, fantatrao fa tsy mahafantatra anao aho. Tsy mifankahalala isika. Fa Andriamanitra kosa mahafantatra anao. Mitomany ralehilahy, eto, milatsaka ny ranomasony. Marina tokoa, azoko lazaina avy hatrany fa hovalian'Andriamanitra ny fangatahany, hitanareo, satria io mihitsy no nikasika azy, io Fahazavana io; dia nivadika ho Fahazavana ireo aizina teo aminy. Hitanareo?

**216** Kanefa, io lehilahy io, dia mivavaka ho an'ny olon-kafa, izany dia ny amin'io zazalahy kely izay mipetraka eto io, eo akaikiny. Zanany io. Izany tokoa. Ankehitriny, io zazalahy kely io, dia ma—marary vavony, ary misy zavatra koa ao amin'ny tsinainy. Izany tokoa. Izany tokoa.

**217** Tsy avy eto hianao. Tsy avy eto Arizona. Fa avy any Californie. Izany

dia afaka manapaka hianareo, na raha hanapaka an'ity, dia afaka manapaka hianareo, na izay mety tianareo. Tsy tahaka izany ny fanomezam-pahasoavan'Andriamanitra. Hitanareo? Tsia.

205 Ny fanomezam-pahasoavan'Andriamanitra, dia fomba izay anananareo mba hialanareo amin'ny làlana. Ary ny fanomezam-pahasoavana sy ny antso dia avy amin'ny fanendren'Andriamanitra mialoha. "Ny fanomezam-pahasoavana sy ny antso dia tsy anenenan'Andriamanitra akory." Teraka miaraka amin'izany hianareo. Izany dia karazana famindràna hafainganam-pandeha kely iray mba hahatonga anareo hiampita ho amin'ny hafainganam-pandeha hafa indray, fa tsy anareo anefa no hampandeha aigana. Hitanareo? Fa Andriamanitra ihany no mampihetsika an'izany. Tsy maintsy miala eo amin'ny làlana hianareo.

206 Ny finoanareo dia afaka mampihetsika an'izany, tsy ny ahy; fa ny anareo. Ny ahy, dia ny miala eo amin'ny làlana, izay ihany. Minoa amin'ny fonareo rehetra fa velona i Jesosy Kristy anio.

207 Aza miankina amin'ny fahalalanareo manokana. Hoy hianareo: "Eny àry, mba jereo fa, eo, ny—ny toe-pahasalamako dia tena ratsy indrindra, ry rahalahy. Tsy mahafantatra ahy hianao. Efa teo amin'io seza misy kodiarany io aho… Izaho dia…"

208 Izay naha-izy anao, ho ahy dia tsy misy dikany izany. Jerenareo raha tsy hidina Andriamanitra ka hanao zavatra mitovy tanteraka tamin'izay Nataony fony Izy tety an-tany tao anatin'ny vatana nofo iray. Hanao an'izany ao amin'ny vatanareo Izy, ao amin'ny vatako, tonga vongany iray isika amin'ny finoantsika Azy. Hanao an'izany Izy, satria efa nampanantena ny hanao an'izany.

209 Kanefa, aza miankina amin'izay mety lazain'olona hoe: "Ô, izany, dia—dia telepatia", tahaka izany no iantsoan'izy ireo an'Izany. Izay ihany no nolazain'izy ireo tamin'i Jesosy. Nataon'izy ireo ho mpanao hatsarana, ho "devoly" Izy. Nefa Zanak'Andriamanitra Izy, satria nifanaraka tamin'ny Teny nampanantenain'Andriamanitra.

210 Ankehitriny, tahaka izay efa nolazaiko, ny—ny efi-trano izay ananantsika, tsy voatery hanana an'izany isika, ny ahafahana handeha hametra-tànana amin'ny olona. Nametra-tànana tamin'izy ireo isika omaly hariva. Fa ny zavatra tokana izay tsy maintsy anananareo, dia ny finoana, ary koa ny mahafantatra. Amin'ny finoana, no anekenareo an'izany, amin'ny finoana. Tsy—tsy amin'ny zavatra hafa…

Aza miteny hoe: "Ahoana àry, eo, ahoana no fomba mety hahatanterahan'izany?"

211 Raha afaka ny hilaza aminareo izay fomba mety hahatanterak'izany aho, dia, tsy ho finoana intsony. Tsy fantatro ny fomba hahatanterahan'izany. Tsy mahalala aho, fa hinoako. Tsy—tsy fantatro izay fomba—fomba ataon'Andriamanitra mba hamonjena ny mpanota iray, nefa manao an'izany



afaka ny ho velona Mandrakizay. Fa raha vao nisy ampahany kely monja tamin'io Teny io diso toerana, dia tapaka ny rojo rehetra, ary ny zanak'olombelona dia latsaka tao anatin'ny fahafatesana. Hitanareo? Ankehitriny, marihantsika eto.

43 Eva, tsy isalasalana fa olona nanam-pahalalana; ilay voalohany, ilay nivoaka avy hatrany tamin'i Adama, izay—izay zanak'Andriamanitra. Ary Eva, mazava ho azy fa, satria teo amin'izany toerana izany izy, tamin'ny toerana izay tsy nisy ota, tsy nisy toerana ho an'ny ota, mazava ho azy fa tsy maintsy nanana fahalalana mahagaga ny naha-Izy an'Andriamanitra izy. Raha ny marina, isan-kariva, nandeha nitsangatsangana tao anatin'ny hatsiatsiakan'ny saha izy mivady, ny hariva, sady nifampiresaka tamin'Andriamanitra, nifanatrika. Fa tahaka ny—ny hoe fahadalana, ho an'ny olona iray izay nandeha niaraka tamin'Andriamanitra, nifanatrika, isan'andro, nefa miodina ho amin'ny fandinihana indray, nisy zavatra nahatonga azy nandinika ka nampiodina azy niala tamin'ny Tenin'Andriamanitra!

44 Ary izany no mbola ananantsika, na ankehitriny aza. Ny fandinihana dia hanodina azy ireo mora foana hiala amin'ny Tenin'Andriamanitra, rehefa avy nitoetra teo amin'ny Fanatrehan'Andriamanitra izy ireo. Mahita ny Tenin'Andriamanitra notoriana izy ireo, ny Tenin'Andriamanitra voaseho, mamo-lava sy mpanota maro no tonga amin'ny alitara ary miova fo, ka lasa olom-baovao ao amin'i Kristy, olona ratsy fitondran-tena maro lasa niova ho vehivavy sy ho lehilahy tsara fitondrantena, ary avy eo, dia mihodina miala amin'izany Zavatra voatahy izay nitarika azy ireo ho amin'io Fiainana io izy ireo, sady nivadika ka lasa miankina amin'ny karazana fampianaram-piangonana indray, mba hahatonga azy ireo halaza kokoa na—na mba hahatonga azy ireo hikambana ao anatin'izay antsoin'izy ireo hoe kilasin'olona ambony.

45 Aoka ho hitanareo fa, hianareo kilasin'olona tsara indrindra: zanakalahy sy zanakavavin'Andriamanitra. Koa, raha ny amiko, aleoko lavitra miaraka amin'izany noho ireo mpanjaka rehetra sy ireo manan-kaja, sy ny sisa rehetra. Ho ahy, tsy misy tahaka an'ireto olona feno fanetren-tena, na dia mety tsy mahay manavaka ny ankavanany amin'ny ankaviany aza izy ireo! Raha mbola mahafantatra an'Andriamanitra, ka tia Azy sady manompo Azy, raha ny hevitro, dia izy ireo no olo-malazan'ny Lanitra. Eny tompoko!

46 Eny, nefa hitantsika fa i Eva dia namela ny tenany mora foana nampaneken'i Satana mba hiodina amin'ny Tenin'Andriamanitra, niankina tamin'ny fahalalany manokana izy; raha ny marina, Satana dia naneho taminy zavatra tsy nifanaraka tamin'izay efa fantany momba an'Andriamanitra, nefa, zavatra hafa no nolazain'ilay fahavalo taminy, Satana, ka ninoany izany.

47 Ankehitriny dia hitantsika ireo vokatr'izany. Nampivarina ny zanak'olombelona rehetra ho ao anaty fahafatesana izany, satria ilay reny voalohany tety an-tany dia niankina tamin'ny fahalalany manokana, zavatra

izay nifanohitra tamin'ny Tenin'Andriamanitra, ary nampivarina ny zanak'olombelona rehetra tao anatin'ny fahafatesana izy. Ankehitriny, mino an'izany ve hianareo? [Namaly ny fiangonana hoe: "Amena". — Mpandika]. Tenin'Andriamanitra izany. Koa, hatramin'izay ny vehivavy dia…

48 Ny tandindon'ny fiangonana, ao anaty Baiboly, dia ny vehivavy. Ary ankehitriny, ny fiangonana dia afaka manaiky ny karazana fombafomba na fampianaram-piangonana, ka mampivarina ny mpiangona rehetra ao anatin'ny fisarahana amin'Andriamanitra. Ireo olona ireo, izay manaiky an'ireo zavatra ireo mihoatra noho ny Tenin'Andriamanitra, dia mitovy tanteraka amin'i Eva. Ary izany ihany no nitranga, niverina imbetsaka, ka izany no nahatonga an'izao taranaka izao nivarina lavitry ny Tenin'Andriamanitra.

49 Rehefa voaseho ny Teny, ka voambara ny Teny, dia tsy te-hanaiky an'Izany izy ireo, satria, tsy ilainy izany, noho ny fiankinany amin'ny fahalalany manokana. "Teto no nananganana an'ity fiangonana ity. Trano mahafinaritra izany. Anaram-piangonana goavana. Betsaka ny mpiangona ao amin'izany. Nahoana no tsy mba hikambana ao amin'izany isika? Hiankina amin'izany aho." Aza miankina amin'ny fahalalanareo manokana, fa aoka hianareo hiankina amin'ny Tenin'ny Tompo!

50 Noho izany—noho izany, ny niafarany dia lasa tao anaty fahafatesana avokoa ny karazana rehetra, tahaka izay efa nolazaiko; fa tahaka izany koa ankehitriny, ho an'ireo olona maro izay miankina amin'ny fahalalany manokana, eo amin'ireo fanekem-pinoany sy ireo fampianaram-piangonany, sy ny rehetra, amin'ny filazany fa "ny Tenin'Andriamanitra dia misy fahadisoana, fa ny ampahany dia avy tamin'ny tsindrimandrin'ny Fanahy fa ny ampahany hafa kosa tsy mba toy izany". Ahoana no ahafahanareo hino Baiboly izay ahitana ampahany avy tamin'ny tsindrimandrin'ny Fanahy fa ny ambiny kosa tsia? Raha ny anankiray monja, raha misy fitenenana iray monja diso, dia tokony ho diso avokoa ny rehetra. Tsy maintsy marina avokoa izy rehetra, marina tanteraka.

51 Ary ny sasany amin'ireo milaza ny tenany ho sekoly Biblika, mivaralila, izay mampianatra ny fahalalan'olombelona, manao fandalinana, toerana izay ivorian'ny mpanolo-tsaina, ka hilazana hoe: "Ankehitriny, henoinareo, ny andron'ny fahagagana, dia tapitra tamin'ny andron'ny apostoly." Ary olona maro, izay mety ho eveka na ambony toerana, dia samy hipetraka eo, ary hilaza izy ireo hoe: "Koa, raha afaka miombon-kevitra aminy fotsiny aho, dia tsy isalasalana, fa mety izaho no hisolo toerana azy." Hitanareo, koa dia miankina amin'ny fahalalanareo manokana hianareo, raha tokony hijoro mba hanohana ny Tenin'Andriamanitra. Izany no mahatonga an'ireo zavatra ireo.

52 Fotoana vitsivitsy izay, nisy olona iray… Voarohirohy tao anatin'ny resaka iray momba ny hetra aho. Ary niteny tamiko izy ireo, nanao hoe: "Fa ireo filan-kevitra mpitantana ao aminareo dia tsy misy hazon-damosina, ny fahitako azy."



ahoana no ampanginako an'izao zavatra masina mirehitra ato anatiko izao? Tsy te-hanao an'izany aho, Tompo ô. Fantatrao ny fiainako, ny foko. Tsy maintsy ataoko izany. Noho izany dia mangataka Aminao aho, Andriamanitra ô, mba hanampy ahy raha hanao an'izany. Omeo ahy fotsiny ny fahasoavana, ka aoka tsy hiankina amin'ny fahalalako manokana mihitsy anie aho, fa mba hiankina amin'ny Teny Fikasanao. Amin'ny Anaran'i Jesosy. Amena.

198 Tiako mba ho tena feno fanajana tanteraka hianareo rehetra mandritra ny fotoana fohy. Eto amin'izao fivorian'olona maro izao, azo antoka fa misy lehilahy sy vehivavy maro marary. Firy no marary sy ory eto, atsangano ny tànana, mitenena fotsiny hoe: "Mila an'Andriamanitra aho"? Atsangano fotsiny ny tànana, eto: "Mila an'Andriamanitra aho."

199 Eny, tsy betsaka ny olona fantatro eto. Ireo tovolahy kely telo mipetraka eto dia fantatro. Fantatro Andriamatoa Dauch sy ny vadiny, izay mipetraka ery. Heveriko, heveriko fa Ranabavy Moore itsy. Tsy azoko antoka loatra izany. Izany tokoa, Ranabavy Moore? Ankoatra azy ireo, ataoko fa izay ihany. Rahalahy Mike koa, sy izay eto amin'ny lampihazo. Izany, araka ny fahafantarako, araka izay hitako, ireo ihany no fantatro.

200 Fa Ilay Ray ao An-danitra, izay efa nampanantena, ary, fa amin'izao andro izao, hanamarina Izy ny maha-Izy Azy, amin'izao taona izao, mitovy tanteraka tamin'izay efa Nataony tao Sodoma. Nampanantena an'izany ve Izy? [Namaly ny fiangonana hoe: "Amena." — Mpandika.] Fa haneho ny Tenany! Mino an'izany ve hianareo? ["Amena."]

201 Ankehitriny, raha te-hivavaka hianareo, ary amin'ny finoana! Aza mitady ny handinika, hoe: "Ahoana no ahafahako manendry Azy amin'ny maha Mpisoronabe?"

202 Kanefa, ny Baiboly dia milaza, ao amin'ny Testamenta Vaovao hoe: "Ankehitriny mihitsy Izy no Mpisoronabe. Mijanona eo amin'ny toeran'ny Mpisoronabe araka ny fanaon'i Melkizedeka Izy. Izy no Mpisoronabe mandrakizay. Tsy misy Mpisoronabe ankoatra Azy. Tsy misy mpanelanelana eo amin'ny olona sy Andriamanitra, afa-tsy Kristy Olona." Marina izany. Izy Tokana ihany, ary Izy no tsy miova omaly, anio ary mandrakizay.

203 Raha mbola Mpisoronabe tsy miova Izy, ary milaza ny Baiboly fa "afaka ny hahakasika Azy amin'ny alalan'ny fahatsapana ny fahalementsika isika", kanefa, tahaka an'ilay vehivavy kely izay nanendry ny Lambany, afaka ny hikasika Azy ny finoanareo izao hariva izao, dia hanao zavatra mitovy Izy, ao anatin'ny nofon'olombelona, izay Niasany raha tao anatin'ny nofon'olombelona anankiray, tamin'izany, teo—teo ambany hazo teo amin'i Abrahama. Mino an'izany ve hianareo? [Namaly ny fiangonana hoe: "Amena." — Mpandika.] Nampanantena fa hanao an'izany Izy. Ankehitriny, mivavaha fotsiny, ireo rehetra izay manan-javatra ilaina. Ary izaho—izaho…

204 Izany dia tahaka izay efa nolazaiko, ny fanomezam-pahasoavana, tsy toy ny mandray antsy, ka raha tianareo ny hampiasa azy mba hanapaka an'izao,

noho ny Fampianarana, nefa tsy misy na dia ny iray amin'izy ireo aza no sahy nanatona ahy mba hilaza amiko na marina Izany na diso. Sahy miaiky ny tsirairay amin'izy ireo aho. Eny. Tsy ny mba hiseho ho fetsy kokoa, fa fantatro ny toerana misy ahy. Marina izany. Inona no nataon'izy ireo? Inona no nataon'izy ireo? Nidin'izy ireo ny varavarana rehetra. "Inona no hataonareo ankehitriny?"

192 Indray andro, teo aho, teny an-tendrombohitra. Hoy aho hoe: "Tompo ô, tsy manana varavarana mivoha afa-tsy tokana ihany aho manerana an'ity firenena ity, araka izay fantatro, dia any Phoenix, any Arizona. Izany tokana ihany no ananako." Fa raha mbola nidina ny tendrombohitra aho, tena mazava tsara mitovy amin'ny olona miresaka mihitsy, nilaza Izy hoe: "Ahoanao inona izany? Hianao, manaraha Ahy."…?... Tsy amin'ny fahalalako manokana. Hiankina amin'ny Teny Fikasany aho.

193 Ô, ry sakaizako, aza miankina amin'ireo fandinihana. Midradradradra noho izany, tahaka an'i Eddie Perronet, fahiny:

Aoka ny olon-drehetra hankalaza ny herin'ny Anaran'i Jesosy!
Aoka hiankohoka eo Anoloany ny Anjely rehetra;
Mitondrà ny satroboninahitry ny Mpanjaka,
Ary ampisatrohy satroboninahitra Izy ho Tompon'ny rehetra;
Ampisatrohy satroboninahitra Izy ho Tompon'ny rehetra.

194 Izany tokoa. Aza miankina aminareo, izay heverinareo, amin'izay heverin'ny hafa. Fa amin'ny finoana, ekeo ny Teny fikasan'Andriamanitra. Maniry ny hanao an'izany ve hianareo? Ankehitriny, tsy ny fahalalana hoe nanao an'izany ve ny olon-kafa sa tsia, fa ahoana kosa ny aminareo? Hianareo, ahoana kosa no hataonareo ny amin'i Jesosy izay atao hoe Kristy, izay mampahafantatra ny Tenany izao ankehitriny izao, mitovy tamin'izay Nataony tamin'izany andro izany? Mino Azy ve hianareo? [Namaly ny fiangonana hoe: "Amena." — Mpandika.]

Hivavaka isika.

195 Tompo Jesosy, Mpanjakan'ny mpanjaka, Tompon'ny tompo, Andriamanitry ny andriamanitra, Andriamanitry ny manan-kaja rehetra, ilay Voalohany, ilay Farany, ilay Alfa, ilay Omega, ilay Fiandohana sy ilay Fiafarana, ilay Kintana Fitarikandro Mamiratra, ilay Raozin'i Sarôna, ilay Lisin'ny Lohasaha, ilay Fototra sy ilay Taranak'i Davida, avia, ry Tompo Andriamanitra ô, ilay tsy miova omaly, anio ary mandrakizay!

196 Tahio ireto olona tafangona ireto, Tompo ô. Izao… [elanelana tsy voaraki-peo — Mpandika.] izay hanomboka tsy ho ela, rahampitso. Nanana fivoriana vitsivitsy izahay teto, ary nitahy anay Hianao tamin'izany. Nampahafantatra ny Tenanao taminay Hianao. Mangataka Aminao aho, Andriamanitra ô, mba hampahafantatra ny Tenanao aminay hatrany. Tahio izahay izao hariva izao. Ampio izahay ankehitriny. Fa vahoaka manana hetaheta izahay.

197 Ary koa, Tompo ô, fantatrao fa tsy te-hasiaka amin'ny olona aho, nefa



53 Hoy aho hoe: "Raha misy mpanolon-tsaina iray ao amin'ny filan-kevitra mpitantana ka tsy mitovy hevitra amiko, nefa tsy mitsanga izy (na iza na iza no hiteny momba ny zavatra resahina) mba haneho ny heviny manokana, dia hesoriko hiala amin'ny filan-kevitra izy." Eny tompoko. Na dia manohitra ny zavatra inoako aza izany, ataoko fa, ny tadiaviko dia ny hanehoany izay eritreretiny ho marina. Izany no antony nametrahako azy eo, mba hijery izay mety holazainy ny amin'izany. Fa izany no misy any aminay.

54 Marihonareo fa, niteny Jesosy, ao amin'i Jaona 10: "Ny ondriko mahalala ny Feoko." Ny Feo, mazava ho azy, ny Teniny izany, rehefa miteny Izy. "Ny ondriko dia mahalala ny Feoko. Nandray porofo izy ireo fa marina ny Feoko. Voamarina Izany, mba hahalalana fa tena Feoko izany." Ankehitriny—ankehitriny, marihonareo, tsy natokana hanaraka feo hafa izy ireo. Tsy ho ataony izany. "Ny ondriko mahalala ny Feoko, ary ny vahiny tsy harahiny." Amin'ny fomba fiteny hafa, tsy hahafantatra feo teolojika izay manome fampianarana mifanohitra amin'ny Teny izy ireo. Ireo ondry dia tsy mahafantatra an'izany, tahaka an'ilay voromahery tamin'ny omaly hariva izay tsy afaka nahafantatra ny fanenon'ireo akoho, — tsy fantany izany, — satria voromahery izy. Ary mitovy amin'izany koa ho an'ny tena zanak'Andriamanitra nateraka indray: ireo zavatra avy amin'Andriamanitra ihany no fantany.

55 Ankehitriny, hiteny ny olona hoe: "Koa, henoy, eto, afaka hanao an'izao hianao, raha ny hevitro. Izany dia, mino aho fa tsy tokony ho toy izao. Mino aho fa efa lasa ny andron'ny fahagagana. Tsy mino aho fa fanasitranana avy amin'Andriamanitra, izany. Tsy mino an'Izao aho." Kanefa, ny tena kristiana nateraka indray, ireo sofiny dia tsy hitazona an'izany mihitsy, tsy ho azony mihitsy izany. Ary ataon'ny olona anankiray mino an'Andriamanitra ahoana, sady afaka mamaky Baiboly ka mahita fa Izy no tsy miova omaly, anio ary mandrakizay, no mbola afaka manaiky zavatra toy izany indray, tsy mazava amiko mihitsy izany.

Noho izany, tsy miankina amin'ny fahalalany manokana izy ireo.

56 Izany dia mitovy, ohatra, amin'ny za—zazakely iray. Raiso ny zazakely anankiray, izay teraka ka niankina indray mandeha teo amin'ny nonon-dreniny, izay nitsentsitra tamin'ny rononony mafana, nanankina ny lohany kely teo amin'ny nonon-dreniny, na dia vao ora vitsivitsy aza no nahaterahany. Iray na roa andro aty aoriana, esory aminy ny reniny ka apetraho eo amin'ny nonon'ny reny hafa: hipelipelika ireo tongony, hitsipatsipaka sy hiakiaka izy. Tsy ilay reniny io. Hitanareo, efa misy zavatra sahady ao anatiny, satria ampahan'io reny io izy, eo dia efa nanome fomba ho azy sahady ny natiora mba hahafantarany ny reniny.

57 Ary raha nomen'ny natiora fomba toy izany ny zazakely mba hahafantarany ny reniny izay niteraka azy, tahaka ny ahoana kosa ny fihoaran'izany eo amin'ny zanak'Andriamanitra izay nateraky ny

Fanahin'Andriamanitra. Fantany ilay Reniny! Mahalala izy, satria nateraky ny Teny, ary azony tsara ny Teny. Ataovy any amin'ny toeran-kafa izy, mazava ho azy fa tsy ho eo ny—ny toerany, hialany haingana dia haingana eo. Raha ny marina, ao aminy, tsy miankina…

Mety hisy hiteny hoe: "Andraso, eto, ry malalako, izy indray no reninao ankehitriny."

58 Tsy io ilay reny, satria manana fomba hahafantarany ny maha ampahan'io reny io izy. Reniny izany, tsy misy olon-kafa afaka ny hisolo azy. Fantany ihany ny reniny. Marihonareo fa tena tahaka—tahaka izany tokoa, fa Andriamanitra no namorona ny zavatra rehetra araka ny karazany avy.

59 Ny omby araka ny karazany. Matetika, rehefa mamory omby izahay, ka mampidina an'ireo andian'ny omby rehetra; eo koa ireo zanak'omby, nanontany tena aho ny amin'izay fomba hahafantaran'izy ireo ny reniny. Kanefa, izy ireo—izy ireo dia samy nidina avy teny an-tendrombohitra, nifangaro avokoa ny biby rehetra. Ny—ny—ny ombivavy anankiray izay miaraka amin'ny zanak'omby, zanak'omby maty noana, angamba mety handeha hitsentsitra kely amin'ny reny hafa izy satria tena noana; kanefa, rehefa ajanonay izy ireo, eny amin'ny tany lemaka, dia mandeha mitady ny zanany ao anatin'ireo ombivavy sy ireo zanak'omby maro be ireo ilay reny, mandra-pahitany azy, ary mihazakazaka avy hatrany eo amin'ny reniny ilay zanak'omby. Fantany ny fitarainan'ny zanany, ary izy koa, mahafantatra ny fanenon'ny reniny. Maneno izy, satria ilainy ny zanany, ary ireo reny hafa rehetra koa mba maneno, ka tsy hifandrenesana intsony sady tsy heritreretina ny hifankahitany, fa io zanak'omby kely io dia hizotra hanatona an'ilay antso miavaka avy amin'ny reniny, satria ampahan'io reny io izy.

60 Ary ny kristiana nateraka indray avy any An-danitra, dia ampahan'ity Teny ity. Marina izany. Tsy hanaraka reny hafa izy. Ampahan'ny teny izy. Tsy miala amin'ny Teny. "Raha ratsy faneno ny trompetra, iza no hiomana hiady?", hoy Paoly. Mahafantatra ny feon'ny Teny izy. Marihonareo ny—ny maha-izy azy, dia ilay tànana voatendrin'Andriamanitra mialoha izay miaraka amin'izy ireo amin'ny voalohany ka hatramin'ny farany. Fantany fa voatendry ho amin'izany izy, fa tafiditra ao anatin'ny Fahamarinan'ny Filazantsara. Fantany fa nateraky ny Fanahin'Andriamanitra izy. Fantany fa ny Fanahin'Andriamanitra dia tsy afaka mandà ny Tenin'Andriamanitra, vokatr'izany, tsy hanaraka vahiny mihitsy izy. Mariho tahaka…

61 Nisy fanamarihana nojereko, eto, izay nosoratako, ity. Tsy—tsy notandremako tsara izany, fa rehefa nilatsaka teo amin'ny Andian-tsoratra iray ny masoko, dia nieritreritra ny hiainga avy tamin'izany aho indray aho. Marihonareo ny fomban'ireo Zanak'ondriny voatendry mialoha ho Azy fony izy ireo nanaraka Azy, tamin'ny fotoana nisian'ireo teolojiana ambony izay tsy nisy tahaka izany mihitsy. Nivoaka avy tao tsy nihanahana izy ireo, satria nahafantatra Azy. Nahalala izay zavatra nampanantenain'ny Teny tamin'io



hanao an'izany. Fa hoy izy hoe: "Raha afaka mikasika ny Somotraviavin-dambany aho, dia ho sitrana", ary dia nisisika izy mandra-pahatongany teo ka nikasika Azy. Niverina nipetraka izy.

184 Nitodika Jesosy, ary hoy Izy hoe: "Iza no nikasika Ahy?" Nijery manodidina ny olona rehetra Izy, Mandra-pahitany azy. Nolazainy taminy ny fahaverezan-drà nahazo azy.

185 Ary nahatsapa izy, tamin'io fotoana io, tao amin'ny tenany, tsy afaka noporofoiny teo no ho eo izany, fa tsapany tamin'ny tenany kosa ny fijanon'ilay aretiny very rà teo. Tsy nandinika mihitsy izy, ka hoe "raha efa toy ny maty izy ho an'ny mpitsabo, ahoana indray no ahafahany hahazo vonjy any amin'ny toeran-kafa?" Tsy niantehitra tamin'ny fandinihana mihitsy izy, fa niantehitra tamin'ny finoana izy.

186 Kanefa, ny Baiboly dia milaza fa "Ankehitriny Izy dia Mpisoronabe izay mahay miara-mitondra ny fahalementsika". Tsy marina ve? [Namaly ny fiangonana hoe: "Amena."—Mpandika.] Aza miantehitra amin'ny fandinihana, ka hanao hoe, ô, fa tena… Izy no nanao hoe: "Izany ny maha-Izy Azy ankehitriny. Mpisoronabe mahay miara-mitondra ny fahalementsika Izy izao ankehitriny izao mihitsy. Ilay tsy miova omaly, anio ary mandrakizay."

187 Mba heveronareo ve, fa tamin'ny aho, mbola mpitori-teny batista, ka tonga namangy ahy tamin'izay ny Anjelin'ny Tompo, ka naniraka ahy hanao izay zavatra ataoko ankehitriny? Kanefa, ny pastorako nanao tamiko hoe: "Very saina hianao. Jereo fa, nanonofy ratsy hianao, hianao…"

Dia hoy aho hoe: "Tsaratsara ho anao ny manala avy hatrany ny karatro maha-mpikambana ahy."

188 Eny àry, hoy izy: "Ahoana no ahafahanao, izay tsy nahavita fianarana ambaratonga voalohany akory, nefa handeha hitory maneran-tany? Ahoana no ahafahanao hivavaka ho an'ireo mpanjaka sy ireo manan-kaja lehibe, nefa hianao—hianao—hianao tsy mahay izay fomba fiteny ilaina akory?"

189 Tsy nametraka ny fahatokiako tamin'ny fiteniko aho. Tsy nametraka ny fahatokiako tamin'ny fahafahako manokana. Nandray iraka aho. Haleloia! Tsy niantehitra tamin'ny fandinihana. Raha nihaino an'ireo fandinihana aho, ataoko fa aman'arivony ny olona efa maty, taona maro izay. Nefa nitondra Hafatra aho, tahaka izay Nolazainy mihitsy, naneran-tany.

190 Ary, nohon'ny fahasoavan'Andriamanitra, no nandehanako indray; tsy tamin'ny fandinihana, fa tamin'ny fanirahana. Haleloia! Izaho dia tsy niankina tamin'ny… Hoy hianareo hoe: "Dimy amby dimam-polo taona hianao." Na dia dimy amby sivy folo taona aza aho, dia tsy misy ifandraisany izany. Mbola Izy ihany ilay Andriamanitra tsy miova niaraka tamin'i Abrahama. Eny tompoko. Aza miankina amin'izay mety fahalalanareo manokana ny amin'ireo zavatra.

191 Ary, rehefa nandroso ny famantarana, ka nanaraka ny Feo avy eo, dia nanomboka nanary ahy ireo fiangonana sady narindriny tamiko ny varavarany,

Hoy izy: "Tsy tonga teo aminareo tamin'ny teny marevaka aho, satria raha nanao an'izany, dia ho niorina tamin'ny fahendren'olona ny finoanareo. Fa raha tonga tamin'ny hery sy ny fanehoan'ny Fanahy, dia ny mba—mba hiorenanareo amin'ny Tenin'Andriamanitra." Amena. Hoy izy: "Raha misy Anjely avy any An-danitra tonga mitory zavatra hafa aminareo, dia aoka ho voaozona izy", Galatiana 1.8. Izany tokoa. Tsia tompoko. Tsy mbola nanao an'izany izy.

177 Ilay vehivavy kely teo amin'ny fantsakana, ratsy fitondrantena izy. Kanefa, fantany fa efa voaroakan'ireo fiangonana izy, ka, tsy mba niankina tamin'ny fahalalany manokana mihitsy. Rehefa, teo amin'ny fantsakana, nifanena tamin'io Lehilahy nilaza taminy ny fahotana rehetra nataony io izy, dia nihazakazaka nandeha teny an-tànana. Kanefa, tsy tsara loatra ho an'ny vehivavy ny manao toy izany, ny mandeha any ka hilaza zavatra maro, satria janga izy. Fa rehefa nifanena tamin'i Jesosy izy, dia tsy niankina mihitsy tamin'ny fahalalan'ireo olona tamin'izany andro izany. Nandeha nilaza izy hoe: "Andao hizaha izaroa Lehilahy izaroa izay nilaza tamiko ny nataoko rehetra. Izao angaha no Mesia?" Tsy mba niankina tamin'ny fahalalany mihitsy izy. Tsia.

178 Maria virijina, rehefa tonga namangy azy ny Anjely Gabriela ka nilaza taminy fa hanan-anaka izy, nefa tsy hahalala lahy. Fiou! Zavatra tsy mbola nisy izany. Tsy niankina tamin'ny fahalalany manokana mihitsy izy, ny hoe tsy afaka ny hanan-anaka ny vehivavy raha tsy misy—misy vady. Tsy niankina tamin'izany izy. Fa hoy izy hoe: "Inty ny ankizivavin'ny Tompo; ho tanteraka amiko anie izany araka ny Teninao." Tsy niteny izy hoe: "Ahoana no hanaovako an'izany? Rahoviana no hanaovako an'izany? Ahoana ny hitrangan'izany zavatra rehetra izany?"

179 Hoy ilay Anjely: "Ny Fanahy Masina no hanaloka anao; ary ny Zaza Masina haterakao dia hatao hoe Zanak'Andriamanitra."

180 Hoy izy hoe: "Inty ny ankizivavin'ny Tompo." Tsy niankina tamin'ny fandinihany izy, ka hoe zavatra tsy mety ho tanteraka. Niteny fotsiny izy hoe: "Inty ny ankizivavin'ny Tompo." Izany tokoa. Marihonareo.

181 Ilay—ilay vehivavy izay nandeha rà, ny mpitsabo efa nilaza taminy, nanao hoe: "Tsy misy fanantenana intsony." Nandany ny fananany tamin'ireo mpitsabo izy, ary tsy nisy afaka nanampy azy na dia ny iray tamin'ireo aza. Tsy niankina tamin'izany izy. Jesosy rehefa… Namakivaky ny vahoaka izy, ka nilaza hoe: "Mino aho fa raha afaka mikasika ny akanjon'io Lehilahy io, dia ho sitrana. Nanatona àry izy.

182 "Andraso kely, eto, ny mpitsabo efa nilaza fa 'tsy ho sitrana intsony hianao'." Efa aman-taonany maro no very rà izy. Nihareraka isan'andro izy, niharatsy indrindra ny toe-pahasalamany. Efa toy ny maty izy teo amin'ireo mpitsabo. Ny fahalalana izay nananan'izy ireo ny aminy dia voafetra teo.

183 Fa niteny, tam-pinoana izy! Tsy nisy Andian-tsoratra nilaza taminy mba



andro io. Nahalala ny endrika tsy maintsy hisehoan'i Mesia izy ireo rehefa ho tonga Izy io. Ary tonga nanatona Azy i Simona Petera — tamin'izany fotoana izany, mbola "Simona" ihany izy teo.

62 Andrea koa tafaresaka taminy. "Izany Lehilahy izany no Mesia." Eny, Simona, raha ny marina, mety somary mafy loha angamba izy, nandà ny hankany.

63 Fa rehefa nanatona hatreo amin'ny Fanatrehan'i Jesosy izy, rehefa niteny Jesosy hoe: "Simona no anaranao, ary zanak'i Jaona hianao." Kanefa, fantantsika fa niteny tamin'ireo Mpianany i Jesosy fa nahafantatra azy ireo, ary izy… "talohan'ny nanorenana an'izao tontolo izao". Izy ireo dia ampahany tamin'ireo Fisainany. Vokatr'izany, satria nitoetra tao anatiny io voa io, ary fantany fa nanambara an'izany ny Teny ary efa nomena ny teny fampanantenana fa ny Mesia dia ho mpaminany, rehefa nahita an'izany izy, ny maha-mpanarato, tapitra teo ho azy. Fantany noho izany fa hamela an'ireo haratony izy, satria ho lasa—ho lasa mpanarato olona. Raha ny marina…

64 Kanefa, nisy olon-kafa koa mba nitsangana teo, ireo zavatra mitovy ihany no hitan'izy ireo nitranga, ary ho azy ireo dia vita ny resaka mety hatao: fa "fanahy ratsy" izany. Teolojiana izy ireo; satria tsy nifanaraka tamin'izay tian'izy ireo ho fampianarana teolojika izany. Ary nolaviny izany, satria niankina tamin'izay fahalalany manokana ny amin'ireo zavatra ireo izy, izay nomen'ireo mpampianatra azy; nefa tonga Jesosy Kristy, nanatanteraka ny Teny nampanantenaina, fa jamba loatra izy ireo tamin'ny fahitana an'izany. Niankina tamin'izay nolazain'ireo mpisorona izy ireo, sy tamin'izay nolazain'ny fiangonana, raha tokony tamin'izay nolazain'Andriamanitra.

65 Kanefa, nanakiana azy ireo Jesosy noho izany. Hoy Izy hoe: "Dinihinareo ny Soratra Masina, satria ataonareo fa ao aminy no anananareo Fiainana Mandrakizay. Ary ireny no manambara Ahy. Ireo Soratra Masina izay Asaiko dinihinareo, Izany no hilaza aminareo ny maha-Izy Ahy."

66 Nefa tsy te-hiankina tamin'izay nolazain'ny Teny izy ireo, fa niankina kokoa kosa tamin'ireo fahalalany an'ireo zavatra ireo. Niankina tamin'ny fahalalany manokana. Ary ny Soratra milaza amintsika fa nisy fisalobonana nanarona azy. Ny saron'ny teolojiany manokana no nanajamba azy.

Hoy hianareo hoe: "Ry Rahalahy Branham, aiza no tianao ahatongavana?"

67 Izao àry no tiako ahatongavana. Izany zavatra izany dia eo an-dàlam-piverenana indray, izany dia tonga eo amin'ny toerana izay mahatonga an'ireo lehilahy sy ireo vehivavy, ary olona maro, hiankina amin'ny karazana fiangonana izay nidirany ho mpikambana, na toy inona mety lazain'ny Teny eo. Mitohy ihany ao anatin'izany izy ireo, miankina amin'ny fahalalany manokana, sady tsy miraharaha izay mety lazain'ny Tenin'Andriamanitra, ho toy ny tsy mbola voasoratra mihitsy Izany. Izany dia tsirin'ain'olombelona tsy mbola tafakambana mihitsy. Eo ny aina ara-nofo, fa tsy misy aina ara-panahy ao anatiny, izay afaka ny hovelomina. Nisy fisalobonana nandrakotra ny

tavany.

68 Ankehitriny dia marihonareo, nanana ny fomba fisainany manokana ny amin'ny maha-Izy an'Andriamanitra izy ireo, nanana ny heviny manokana ny amin'ny tokony maha-Izy ny Mesia. Fa ny Teny efa nilaza ny amin'izay tokony maha-Izy ny Mesia! Koa, hitanareo, nanana ny fahalalany manokana ny amin'ny maha-Izy Azy izy ireo. Tsy isalasalana fa nilaza ny mpisoronabe hoe: "Ireo mpisoroko rehetra, hianareo izay nivoaka tamiko, ankehitriny, rehefa ho avy ny Mesia… Nanamboatra tempoly lehibe isika, eto. Nanao an'izao rehetra izao. Ary ny Baiboly milaza fa 'hiditra tampoka ao amin'ny Tempoliny Izy', sy ireo zavatra rehetra ireo. Rehefa hanao an'izany Izy, dia ho tonga eto avy hatrany ny Mesia ka hampahafantatra ny Tenany eto anivontsika, dia hiteny Izy hoe: 'Izaho no Mesia. Tonga Aho. Izaho Ilay Mesia nandrasanareo.'" Koa, rehefa tena tonga tokoa Izy, dia tonga tamin'ny fomba hafa indrindra tamin'izay fiheverana mety nananan'izy ireo mikasika an'izany ka tsy nahafantatra Azy izy ireo. Tsy nahafantatra ny maha-Izy Azy izy ireo. Fa ireo Azy…

69 Inona no mety nitranga raha nisy mpihatsaravelatsihy anankiray tonga teo ka nanao hoe: "Izaho no Mesia. Mpampianatra Ranona aho"? Ho nekeny izany.

70 Fa rehefa tonga teo amin'ny Lehilahy anankiray izay nateraka tamin'ny fomba mampisalasala, izay tsy nahazo fampianarana akory tao amin'ny sekoly izay tokony Nandehanany, tsy nanana fahatsapana araka ny seminera akory, tsy nanana karatra maha-mpikambana, nefa Izy no fandikan'Andriamanitra ny Teniny, voaseho. "Ireo asa Ataoko no manambara aminareo ny maha-Izy Ahy. Raha tsy manao an'ireo asa nampanantenaina fa ho Ataoko Aho, dia aza mino Ahy."

71 Moa tsy afaka ny hampiharina ho amin'izao andro ankehitriny izao va izany? Rehefa tonga ny Fanahy Masina, dia tian'izy ireo hampiharina ho an'ny taona hafa izany, rehefa tonga Izy miaraka amin'ny asa sy ireo fampisehoana ny Heriny ny amin'ny Fiainana Mandrakizay Izy, dia avy—avy amin'ny "fihetseham-po diso toerana ka tsy voatana" no tadiaviny hiantsoana an'Izany. Nahoana? Miankina amin'ny fahalalany manokana izy ireo, fa tsy amin'ny Tenin'ny Tompo. Fantatrareo fa marina izany.

72 Ny fahafantarana, ny fandikan-teny izay omen'Andriamanitra mihitsy, izany no fanehoana ny fampanantenana.

73 Angamba ho lazaiko ihany, mba hampahazava an'izany bebe kokoa. Rehefa manonona Teny Andriamanitra, dia tsy mila lehilahy Izy, na vehivavy, na olon-kafa, mba hanome ny hevitr'Izany. Rehefa niteny Izy… Eny àry, miteny hianareo hoe: "Andriamanitra, izao no Tiany nolazaina." Fa Andriamanitra, izay Tiany lazaina, dia Lazainy, ary tena izay tokoa no Tiany lazaina. Hitanareo?

74 Kanefa, ahoana no fomba Fandikany ny Teniny manokana? Amin'ny



hivarotra Azy amin'ny vola telo-polo aho. Fa raha izany, hahazo vola aho, ary afaka ny hampiasaiko izany. Ary ataoko fa afaka ny hanafaka ny Tenany Izy." Hitanareo, tsy nahalala izy fa, araka ny Soratra, dia efa natsangana mba haka an'io toerana io izy.

173 Ary ireo olona ankehitriny, tsy tonga saina ny amin'ny toerana misy azy. Io fiangonana Laodikia io dia efa voatendry ho amin'izao toerana misy azy izao, ny handroaka an'i Kristy any ivelany. Ary Izy, mandondona, mitady hiverina ao anaty [Nokapohin'ny Rahalahy Branham in-dimy ny polipitra. —Mpandika.], nefa tsy misy fifampiraharahana atao, na aiza na aiza. Manamarina ny Teniny amin'izao andro izao Izy, tahaka izay Nataony tamin'ny taona rehetra, nefa hiodinan'izy ireo hatrany izany. Miankina amin'ny fahalalany manokana izy ireo, izany—izany dia tsotra indrindra.

174 Na angamba, ndeha atao hoe—hoe nieritreritra toy izao izy: fa raha hamidiny amin'ny vola telo-polo Kristy, raha izany, dia mba hanatsara ny—ny firahalahiana eo amin'ireo anaram-piangonana lehibe tamin'izany andro izany, dia ireo fariseo sy ireo sadoseo. Mety nilaza izy hoe: "Eny, andraso kely, afaka manavo-tena irery Izy. Hitako efa nandresy tamin'ny ady sarotra indrindra Izy; fan-fantatro fa afaka mahavita manavo-tena Izy. Koa, raha mba hahavitako vola kely izao, karazana vola—vola ampiasaina amin'ny retirety, araka ny fomba filàza. Ary koa, angamba amin'izany fotoana izany dia hahita fitia eo amin'ny fiangonana aho androany, raha manolotra Azy eo amin'izy ireo." Hitanareo? Fa niankina tamin'ny fahalalany manokana izy, raha tokony niankina tamin'ny fahalalana fa teo ilay Tenin'Andriamanitra voamarina. Ary nataony tokoa tamin'i Jesosy izay zavatra efa voalazan'ny Soratra fa ho ataony.

175 Ary ankehitriny, ny tontolon'ny fivavahana dia namoaka an'i Kristy ivelan'ny varavarana, amin'izao andro farany izao, ary tena izany tokoa no voalazan'ny Bokin'ny Apokalypsy fa ho ataony. Izany dia ny fanahin'i Jodasy izay miverina indray, amin'ny endrika fiangonana: "Manana ny endriky ny toe-panahy araka an'Andriamanitra, nefa mandà ny Teny." Hitanareo? Izany tokoa. Noho izany, ô! la la! inona no vokatr'izany? Ny fahafatesana, mitovy tanteraka tamin'i Eva. Ary izany no mitranga any amin'ireo hafa rehetra, ireo izay mitady hamadika ny Tenin'Andriamanitra, ka miankina amin'ny fahalalany manokana. Na dia ankehitriny aza, dia hamidin'ireo, mety tsy amin'ny vola telo-polo, fa angamba mba ho tonga, ô, olona ambony toerana, miaraka amin'ny fahatsapana seminera. Tsy vola telo-polo akory no lanjam-bidin'izany, nefa amidiny ihany, mivarotra ny fahalalana izay azony tamin'Andriamanitra izy ireo, ho amin'ny toy izany.

176 Tsy fitoviana toy inona no eo amin'izy ireo sy ilay manam-pahaizana, Paoly olo-masina, izay nanana ny fahalalana rehetra izay mety nireharehany. Nefa hoy izy hoe: "Efa nariako izany rehetra izany, ny fandinihako rehetra. Nifanena tamin'ny Andri-afo aho, rehefa teny an-dàlana ho any Damaskosy."

antoka fa, nanafaka azy tamin'ny tànany Izy.

166 Ô, ny tsirairay tamin'ireo mpaminany, inona no nitranga raha niankina tamin'ny fahalalany manokana izy ireo, tamin'ny androny? Tsy ho sahy ny handeha any amin'ireo mpisorona sy ireo mpisoronabe mihitsy izy ireo, ka hanao aminy hoe "rindrina milalotra fotsy", sy ny sisa rehetra. Tsy haminany hanohitra azy ireo mihitsy. Ka ho lasa tahaka ny sasany tamin'ireo mpaminany fahiny, hiombon-kevitra aminy, hiakanjo miavaka tsara, ka hitoetra ao an-dapan'ny mpanjaka.

167 Inona no nitranga raha niankina tamin'ny fahalalany manokana i Jaona? Nefa niseho teo izy sady tsy natahotra.

168 Nilaza izy ireo hoe: "Andraso kely, eto, ry Jaona, aza mitory teny ny amin'izany Fanambadiana sy ny Fisaoram-bady izany."

169 Nandeha niseho tsy amin-tahotra teo anatrehan'i Heroda izy…?... ary hoy izy hoe: "Tsy manana zo ny haka azy ho vady hianao." Eny tompoko.

Dia niteny izy ireo hoe: "Fantatrao ve iza io, izy? Izy no mpian-…

— Tsy miraharaha an'izany aho, na iza izy na iza." Tsy niankina tamin'izany izy.

170 Hoy ireo hoe: "Fa, fantaro fa, tsy manan-javatra aseho hianao. Any an-efitra no misy anao, tany. Tsy handray anao mihitsy ny fikambanana raha mitondra tena toy izao hianao." Ireo fikambanana, ho azy dia tsy misy vidiny. Tsy niankina tamin'ny fahalalany manokana izy, fa tamin'ny fahalalan'Andriamanitra. Azo antoka.

171 Nisy lehilahy anankiray izay, niankina tamin'ny fahalalany manokana, ary Jodasy Iskariota no anarany. Ô, izy… Tsy—tsy hitako izay antony nahavitany an'izao. Niara-nandeha tamin'i Kristy izy, nifanatrika, mitovy tanteraka tamin'izay nataon'i Eva teny am-piandohana. Nahita ny fanamarinana izy, nijery an'Andriamanitra nifanatrika izy, tahaka izay nataon'i Eva tao amin'ny hatsiatsiaky ny takariva. Eva dia nijery an'i Kristy, tao amin'ny hatsiatsiaky ny takariva, tao amin'ny saha. Ary Jodasy dia nipetraka ihany koa, teo amin'ny hatsiatsiaky ny takariva, tao amin'ny saha Getsemane sy tamin'ireo toerana hafa ihany koa, ary io Kristy io ihany no nojereny. Naheno Azy nampianatra izy, sady naneho ny maha-Izy Azy, tamin'ny alalan'ny Teny, nanamarina fa Izy no ilay Mpaminany nambaran'i Mosesy fa hitsangana. Nilaza tamin'izy ireo Izy, raha nandray ny Soratra, ny maha-Izy Azy, sy ny antsimpiriany rehetra. Nahita an'Andriamanitra naneho fa ny Tenany tokoa io voalaza io; kanefa, niankina tamin'ny fahalalany manokana izy.

172 Ahoana no nahavitany zavatra toy izao? Satria pokaty ny tao anatiny, hatramin'ny voalohany. Tsy voa manan'aina izy. Zanaky ny fahaverezana izy, nateraky ny fahaverezana, ka lasa niverina any amin'ny fahaverezana. Ankehitriny, marihontsika izao. Fa nandeha tahaka izany izy, angamba namoaka fandinihana tamin'ny fahalalany ny amin'izany. Nieritreritra angamba izy fa i Jesosy… Tena nanaja Azy izy: "Eny, angamba mety afaka ny



fanatanterahana an'Izany. Hoy ny Baiboly hoe: "Hanan'anaka ny virijina", ary nanao an'izany izy. Tsy mila fandikan-teny hafa izany. Andriamanitra nanao hoe: "Aoka hisy ny mazava", ka dia nisy izany. Tsy mila fandikan-teny hafa izany.

75 Andriamanitra koa efa nilaza fa amin'izao andro farany izao, dia "handatsaka ny Fanahiny amin'ny nofo rehetra ", ka dia Nataony izany. Tsy mila fandikan-teny hafa izany. Zavatra tokana ihany no takian'izany, dia ny fanekena, olona afaka ny hanaiky izay nataon'Andriamanitra. Tsy mila fandikan-teny hafa izany. Andriamanitra no mandika ny Teniny manokana. Andriamanitra no nampanantena an'ireo zavatra hitantsika isan'andro ireo, nampanantena fa hanatanteraka an'izany Izy amin'ny andro farany.

76 Ny olona ankehitriny, toy ny tamin'izany andro izany, dia miankina amin'ny fahalalany manokana. "Ny pastorako no milaza fa 'fanatisma' izany." Nefa ny Baiboly efa nilaza fa hitranga ireo zavatra ireo. Andeha hiankina amin'ny fahalalan'iza hianareo?

77 Ny Baiboly dia efa nampanantena fa, amin'ny andro farany, "ny Taonan'ny Fiangonana Laodikia dia nahazo harena, ary tena hamp… fa hahavita tena izy: 'Manan-karena aho. Tsy manan-java-maha-ory aho. Mipetraka amin'ny maha-mpanjakavavy aho.'" Manan-karena izy. Ary hoy Izy: "Tsy fantatrao fa hianao no ilay ory." Nefa, izany, dia ny taonan'ny fiangonana rehetra, ny fiangonana! "Ho an'ny fiangonana Laodikia: Mitanjaka hianao, jamba, mahantra, ory, nefa tsy fantatrao izany." Mipetraka eo anivon'ireo fananany, amam-polony sy amam-polony tapitr'isa maro, ary mpikambana aman-tapitr'isa, eo an-tànany avokoa ny haren'izao tontolo izao, saika izany. Raha atambatra izany rehetra izany, amin'izao andro izao, ny fiangonana katolika sy ireo protestanta, fa eo an-dàlam-pikambanana izy ireo, eo amin'izy ireo ny harenan'izao tontolo izao.

78 Rava ny firenentsika, saika izany. Mindrana an'ireo hetra izay hiseho rehefa afaka efa-polo taona any aoriana isika, araka izay volaza tamiko, araka izay nolazain'izy ireo tamin'ny fandaharana Life Line. Ireo hetra izay lanintsika amin'izao fotoana izao dia hiseho rehefa afaka efa-polo taona. Ny zafikeliko, raha mbola tsy tonga Jesosy, ny hetra izay mbola haloany rehefa efa-polo taona izy, dia izany no lanintsika ankehitriny. Alefantsika izany mba hanampiana an'ireo firenen-kafa, kanefa ireo Indiana eto amintsika, sy ny hafa rehetra, dia matin'ny hanoanana; miezaka isika mba hividy ny firahalahiana. Ny firahalahiana, dia tsy azo vidiana. Ny sakaiza anankiray, dia tsy azo vidiana. Tsia, izany anefa no ataontsika. Izany ny lamina misy eto amintsika, manery ny olona izy ireo, izay rehetra azony raofina, hetra, hetra, hetra. Ary ny trosan'ny ady izay nolovaintsika noho ireo mpanao politika dia ataoko fa tsy ho voaloha mihitsy raha—raha tsy mbola hisy zato taona maro indray, raha ny hevitro. Ary, eny, tsy tokony ho tafiditra ao anatin'io toerana io isika. Tsy misy antony tokony hahatonga antsika ao anatin'io toerana io.

79 Fa ireo fiangonana, izy ireo, nihary harena izy ireo. "Saiky ireo harenan'izao tontolo izao rehetra", hoy ny Baiboly, dia "hita ao amin'ny fiangonana katolika." Izany no antony nandroahan'ny Rosia azy, fa navoakan'ny Rosia izy. Fa izany ihany no nipoiran'ny kominisma, satria ny fiangonana dia nampianatra fa manana toerana ambony izy, kanefa tsy nisy nampiavaka azy mihitsy tamin'ny hafa rehetra.

80 Rehefa tao Finlande izahay, tany, rehefa natsangana tamin'ny maty ilay zazalahy kely. Nanao jeriatrika ireo miaramila rosiana ireo, ka nanao hoe: "Handray an'izany Andriamanitra mahay manangana ny maty izany izahay."

81 Ireo anaram-piangonana indray no natsangantsika, sy ireo sekoly, ary—ary ireo trano, fa tsy nanao izay zavatra nolazain'i Jesosy tokony hatao, izany hoe "ny mitory Filazantsara". Niezaka ny hampianatra olona isika. Tsy nilaza mihitsy Izy hoe: "Omeo fahaizana ny rehetra; fa izay manan-tsaina no hovonjena." Tsy maintsy ateraka indray hianareo, ho feno ny Fanahy Masina. Izany no nahatonga ny faharesentsika mahatsiravina, teny rehetra teny. Hitanareo, manan-karena isika, manana isika, raha izany.

82 Ankehitriny, inona no zavatra hitranga? Io fiangonana io, ny Fiombonam-ben'ny Fiangonana, rehefa hitambatra, tsy afaka ny ho hitanareo ve izay ho lohany? Hianareo metodista sy presbiteriana, tsy afaka ny ho fantatrareo ve izany, sy ireo hafa, na dia ireo pentekotista aza? Hianareo milaza fa tsy hiditra ao. Na hianareo miditra ao, na ravaina ny anaram-piangonanareo; ny iray amin'izy roa. Izany dia eo, anoloanareo. Tsy maintsy izay no ho ataonareo. Fanerena izany, ny mariky ny bibidia. Ary tena izany tokoa. Ny rafitry ny anaram-piangonana, izany dia tena (afaka porofoiko amin'ny Baiboly izany) ny mariky ny bibi-dia. Vehivavy janga izy; ireo zananivavy dia ho janga." Ary fantantsika fa Marina izany. Ny lamina ara-pivavahana, dia mifanohitra amin'ny Teny, ary ireo fototra iorenany no antikristy. Tsy izay rehetra hitantsika ao anatin'izany dia antikristy, fa ireo fototra iorenany kosa, ny rafitra misy eo aminy no antikristy, satria mifanohitra amin'ny Tenin'Andriamanitra izany. Ireo rafitra ara-pivavahana rehetra dia toy izany.

83 Izay, hitanareo, ary miankina amin'ny olon-kafa hianareo, ny fahal-… amin'ny fahalalany, raha tokony hiankina amin'ny fahalalan'Andriamanitra, ny amin'izay zavatra nolazain'Andriamanitra mikasika an'izany. Izay no antony maha-diso an'izany. Betsaka ireo zatovo mandeha any amin'ireo seminera izay manome fahalalana tsara, mandeha any amin'ireo sekoly lazaina ho Biblika. Ary mety manana—manana antso avy amin'Andriamanitra ao am-pony angamba izy ireo. Mandeha mankany izy ireo sady tena fenoina fampianaram-piangonana, ka tonga eo amin'ny toerana, hilazany hoe: "Ranona no nilaza an'izany, eveka Ranona. Ity olona ity no nilaza an'izany. Iry olona iry no nilaza an'izany. Ireo olona nivory tamin'ny filan-kevitra dia niara-nanaiky fa toy izao no tena tokony ho izy."

84 Na inona mety lazain'ny olona, dia tsy misy dikany amiko! Hoy Jesosy



Karatra maha-mpikambana aiza no afaka hasehonao? Hitanao àry? Tsy manana fiadiana akory hianao. Tsy manana afa-tsy iny antsamotady eny an-tànanao iny. Hitanao? Tsy anananao ny mari-pahaizana filôzôfia, na ny mari-pahaizana momba ny lalàna. Ahoana ny ataonao? Diniho fa, io lehilahy io anie ka mpiady. Diniho fa, ma—manana mari-pahaizana teôlôjia izy, manana mari-pahaizana amin'ny lalàna izy, amin'ny filôzôfia, sy ireo hafa koa. Diniho fa, feno mari-pahaizana izy izay milahatra eo amin'ny rindrina. Ary hianao, mba iza moa hianao? Mpiandry ondry."

162 Hoy izy: "Fa misy zavatra tiako lazaina aminao." Hoy izy: "Mba fantatrao ve?" Hoy izy hoe: "Niandry ny ondrin'ny raiko aho tamin'izay, ary", hoy izy, "tonga ny liona ka naka ny anankiray tamin'ireo, ka nentiny izany. Ary, fantaro, noraisiko ity antsamotady kely ity, sady nenjehiko izy, ka dia notoraniko. Nosintoniko teo am-bavany ilay—ilay zanak'ondry, ary nitsangana hiady amiko izy. Noraisiko fotsiny ny antsiko ka novonoiko izy." Hoy izy: "Lasa indray aho. Ary tamin'izay, nisy bera indray naka an'ity ondry ity, nalainy ka nentiny izany. Novonoiko koa io." Hoy izy: "Ankehitriny, ilay Andriamanitra… Tsy ny mari-pahaizan'ny filôzôfiako, tsy ny fahalalako manokana. Tsy haiko hazavaina aminao ny fomba fiadiko. Tsy haiko ny fomba fitranganan'izany zavatra izany. Fa ilay Andriamanitra," amena, "ilay Andriamanitra izay nanafaka ahy teo an-tànan'ny bera, sy ny an'ny liona, mihoatra lavitra noho izany no Hanafahany ahy amin'ny tànan'io Filistina tsy mifora io!"

163 Ilay eveka, Saoly, nanao hoe: "Fantatrao, mino aho fa manana antso hianao, ry zanako. Holazaiko anao izao, raha tonga aty hianao, hasehoko anao ny fomba fiady amin'ny olona anankiray, hitanao. Ary holazaiko anao, izaho dia—izaho dia mpampianatra, koa sikino noho izany ny fiadiako. Te-hampiankanjo anao aho." Nitsangana teo Davida, ka dia nomen'izy ireo azy ny mari-pahaizana filôzôfia, mari-pahaizana momba ny lalàna, sy ny rehetra, ary—ary lasa tsy naha-hetsika intsony. Tsy hainy izay hatao.

164 Hoy izy: "Tsy mba mahazatra ahy izao. Ity akanjom-pivavahana ity dia tsy mifanaraka amiko. Esory amiko izao. Avelao aho handeha hiaraka amin'izay zavatra nomen'Andriamanitra mba hanampy ahy." Izany hoe finoana ny amin'ny herin'Andriamanitra. Ary tsy—tsy niankina tamin'ny fahalalany manokana izy. Tsy niankina tamin'izay nolazain'ny olon-kafa. Niankina tamin'ny finoana. Raha ny marina, fantany fa raha nanafaka azy tamin'ny tànan'ny bera Andriamanitra, dia mihoatra lavitra noho izany no Hanafahany azy amin'io Filistina io!

165 Koa, raha tia anareo Andriamanitra ka nanala anareo tamin'ny ota mba hameno anareo ny Fanahy Masina, inona no anananareo, ry kanosa sady malemilemy, manerana ny firenena, moa tsy hanafaka anareo mihoatra lavitra noho izany amin'ny fahorianareo va Izy, satria efa nampanantena hanao an'izany? Fa ny Tenin'Andriamanitra no milaza an'izany. Hataony izany. Azo

fahalalan'Andriamanitra.

155 Inona mety ambara ny amin'i Samsona, teny an-tsaha, rehefa tonga ireo Filistina, arivo lahy, niantoraka teo aminy? Ary teo izy, lehilahy mahia kely sady oly volo, tsy lava mihoatra noho izao. Izy dia tsy, ahoana àry, fa tsy fantany akory izay fampiasàna sabatra, satria tsy nahalala izy, tsy mba nahazo fihofanana, fihofanana miaramila. Nanana endrika toy ireny sarim-bavy kely ireny izy sady oly volo, nisy randrana fito tao an-damosiny, ilay zanaky ny reniny, izay nitsangana teo, ary indro fa Filistina arivo no tonga. Ahoana àry, fa tsy nisy zavatra teny an-tànany. Nijery teo amin'ny tany izy, ka nahita valanorano efa tranainy, ny an'ny boriky, ka nalainy izany.

156 Kanefa, nilaza ve izy hoe: "Ndeha hodinihina, izao, tsy hahavita zavatra be amin'ity mihitsy aho, satria ny fiarovan-dohan'izy ireo, dia… Ireto Filistina ireto, ireto miaramila rehetra ireto, samy manan-defona. Samy manana fiarovan-tratra. Ary ny fiarovan-dohany dia milanja dimy ambin'ny folo livatra isan'isany. Olona ranjanana ireto, vonona. Ahoana àry, fa raha ohatra ka hikapoka ny anankiray amin'ireto fiarovan-doha ireto amin'ity valanorano tranainy ity aho, dia ho potipotika izany. Izay."?

157 Tsy niankina tamin'ny fahalalany izy. Noraisiny fotsiny izay teny an-tànany, ka dia nokapohiny ireo Filistina. Ary rehefa avy nahafaty arivo lahy izy, dia mbola teny an-tànany ihany ilay valanorano. Amena.

158 Izay mety holazain'ny teolojian'ny olombelona, tsy ahoako, aza miankina eo amin'izany hianareo. Miankina amin'ny Tenin'Andriamanitra hianareo: "Jesosy Kristy no tsy miova omaly, anio ary mandrakizay." Azo antoka, nino an'izany izy.

159 Inona no nitranga raha nihaino ny teolojian'i Sams-… Saoly i Davida? Teo i Goliata izay nirehareha, ary natahotra azy ny rehetra; Saoly, izay lava indrindra tamin'ny miaramila rehetra. Hoy Goliata: "Aoka hisy ho sahy hiady amiko eo aminareo. Tsy ilaina ny—ny hahafaty antsika rehetra. Raha mahafaty anareo aho, dia hanompo anay hianareo. Ary raha mahafaty ahy hianareo, dia, izahay indray no hanompo anareo", satria naneho ny tenany ho mafy indrindra izy. Toy izany no tian'ny devoly atao, rehefa miaraka amin'ireo seminerany izy, ka eo izy rehetra, rehefa maneho ny tenany, hitanareo?

160 Fa Davida kely, raha nandeha nitsangatsangana teny, niaraka tamin'ny ampahan'ny hoditr'ondry teo an-damosiny; somary menamena ny endriny, milatsaka ny sorony, lehilahy kely eo ho eo amin'ny zato na folo amby zato livatra eo. Hoy izy hoe: "Aza milaza amiko hianareo hoe ny miaramilan'Andriamanitra velona, izay voafatotry ny fanekena tamin'ny alalan'ny famoràna, no andeha hijanona eo sady hamela an'io Filistina tsy mifora io hiaika ny miaramilan'Andriamanitra velona?"

161 Hoy Saoly: "Avia aty, ry zanako." Hoy izy: "Mankasitraka ny fahasahianao aho, nefa ny andron'ny fahagagana anie ka efa lasa. Isika, tsy manana an'izany rehetra izany isika, hitanao. Ary hilaza zavatra aminao aho:



hoe: "Aoka ny tenin'ny olona rehetra ho lainga fa ny Ahy no Marina. Na avy amin'iza na avy amin'iza ny teny, aoka ny Ahy no Marina!"

85 Ankehitriny, ahoana no ahafantarana hoe iza no Marina? Rehefa milaza ny Baiboly fa hisy zavatra hitranga, fa hisy zavatra hiseho, ka mitranga araka izay ilay zavatra.

86 Kanefa, ny Baiboly milaza fa: "Hita tao aminy ireo—ireo harenan'izao tontolo izao; ny volamena, ny volafotsy."

87 Noho izany, raha mifototra amin'ny lanjam-bolamena ny toe-karenantsika, nefa tonga mahantra isika, ankehitriny inona àry no hitranga? Inona àry no hitranga? Hianareo mahalala, ireo mpanan-karenan'ity firenena ity, ireo orin'asa lehibe, ireo mpivarotra kalaza amin'ny toka sy ny sigara, sy ny sisa sy ny sisa, tahaka izany, tsy hanaiky ny hanakalo vola izy ireo, noho izany, ny hany tokana mety hatao, dia ny mindrana. Ary toerana tokana ihany no ahafahantsika mindram-bola. Ary, amin'izany fotoana izany, dia hivarotra ny fizokiantsika ho amin'izany isika. Izany tokoa. Noho izany, inona no mety hataonareo? Hianareo dia lasa fananan'io rafitra io. Tsy misy azo atao intsony.

88 Ô, ry sakaiza, aza heverinareo fa izaho… Mety heverinareo fa adala angamba aho. Fa amin'ny fotoana hampanginin'ny fahafatesana ny feoko, dia hitohy handeha ihany ireto horonam-peo ireto, ka ho fantatrareo fa tanteraka izay zavatra nolazaiko. Ho olona adala indrindra aho tamin'ny fandraisako an'izao toerana izao, ny handeha hitsangana ka hanohitra an'izany zavatra izany, ho-ho lasa—ho lasa mpanohitra an'Andriamanitra aho, ho mpanohitra izay rehetra avy amin'Andriamanitra, raha toa, raha nanana… nanao fahadisoana tamin'ireo hevitro sy ny fiantsoana ahy. Hanohitra an'Andriamanitra izany zavatra izany. Fa raha toa ka naka an'izao toerana izao aho, dia satria hitako ato anatin'ny Teny izany. Tenin'Andriamanitra izany. Ary koa hitako ny fanamarinana an'izany, voaseho mibaribary ny Marina. Izany no fandikana omen'Andriamanitra ny amin'ny Teniny. Ny fandikana izay omen'Andriamanitra Izy Tenany ny amin'ny Teniny, izany no fomba Fanamarinany sy ny Fametrahany ny fahamarinana eo amin'Izany.

89 Nahoana no jamba ireo fariseo? Inona no tena nanajamba azy ireo? Izany dia satria nolaviny ka tsy nekeny ny fanambarana na ny fanamarinana ny Teny.

90 Ary izany no antony maha-jamba ny fiangonana ankehitriny, satria laviny ny hanaiky ny fanambarana, na dia efa voamarina aza izany. Na dia milaza an'izany aza ny Teny, ka voambara Izany, sady voaseho koa avy eo, dia mbola mandà ny hanaiky hatrany izy ireo.

91 Izany no antony nahatonga an'ireo Jiosy, fa, mandraka androany, mandà ny hanaiky Azy ireo Jiosy. Tsy afaka ny hiresaka aminy momba an'i Kristy hianareo, satria mbola misy fisalobonana manarona ny tavany, jamba izy ireo.

92 Ary ho an'ny fiangonana, tsy afaka ny hiresaka aminy izay momba ny Filazantsara feno sy ny amin'ny herin'Andriamanitra hianareo, satria ny

andriamanitr'izao taon-jato izao no nanajamba azy ireo manoloana ny fahamarinan'Andriamanitra, ka lasa miankina amin'ny fahalalany manokana izy. Fa tonga ao am-piangonana ihany ireo vehivavy sady manapa-bolo, satria ny pastorany manao aminy hoe: "Ô, tsy misy maha-ratsy an'izany. Izay milaza an'izany dia adala." Nefa ny Baiboly milaza fa ratsy ny fanaovany an'izany, fa Andriamanitra mandà ka ny hihaino izay vavaka ataony. Ary ny sasany amin'ireo vehivavy ireo dia mbola manampy ny fahamenarana efa eo aminy, amin'ny fiezahany ho tonga mpitoriteny; ary amin'izany fotoana izany, dia zavatra roa no nataony. Ny Baiboly milaza fa tsy tokony manao an'izany izy, raha izany rehetra izany. Fa ny fiangonana kosa, ny anaram-piangonana, dia hanaiky an'ireo zavatra ireo, hanendry an'ireo vehivavy ireo izy ka handefa azy ireo any. Miankina amin'ny fahalalany manokana izy ireo.

93 Tenin'Andriamanitra diso toerana iray monja, na diso fandikana, na tsy nekena, dia manapaka ny Rojo rehetra. "Tsy ny mofo ihany no iveloman'ny olona, fa ny Teny rehetra izay aloaky ny vavan'Andriamanitra."

94 Ahoana no mahatonga anareo, ry vehivavy, maheno ahy mitory manohitra an'ireo zavatra ireo, manohitra ny fanaovana sorta, ary ny fandokoan-tarehy, sy—sy ireo bango amin'ny volo fohy, sy ireo karazany rehetra toy izany, ary avy eo, isan-taona, rehefa miverina aho, mbola mipetraka eo ihany hianareo, mbola ny toetrareo teo aloha ihany? Satria miankina amin'ny fahalalanareo manokana hianareo raha tokony hiankina amin'ny Tenin'ny Tompo.

95 Ary hianareo, ry pastora, nahoana no tsy alanareo ny fahalotoana ao amin'ny fiangonanareo? Satria miantehitra amin'ny fampianaram-piangonanareo hianareo raha tokony hiantehitra amin'ny Tenin'ny Tompo. Marina izany. Aza miankina amin'ny fahalalanareo manokana. Ahoana àry, aza miankina amin'ny fahalalanareo manokana, fa miankina amin'ny Tenin'ny Tompo.

96 Tsy te-hanaiky an'izany izy ireo, satria tsy tiany ny hanaiky ny fanamarinana. Jesosy dia tonga niaraka ta—tamin'ny Filazantsara, mitovy tanteraka tamin'izay Nolazainy fa Hatongavany. Na dia matetika aza…

97 Somary very hevitra i Jaona, rehefa natao an-trano-maizina, ary rehefa—rehefa tao izy… Nitory izy fa "ho tonga ny Mesia, eny An-tànany ny Fikororohany; ary Izy hanadio tsara ny eo Am-pamoloany ka hanangona ny Variny ho any an-tsompitra; fa ny akofa sy ny mololo Hodorany amin'ny afo tsy mety ritra". Ny Fanahin'Andriamanitra izay nivoaka, izay niboraka avy tao Aminy tahaka—tahaka ny loharano. Ary noho izany, rehefa nahita an'i Jesosy tonga izy, io karazana Lehilahy malemy fanahy sady nanetri-tena io, voahitsakitsaka Izy, ka voatery nandositra, teo, mba hanavotra ny Tenany, ary teny. Nefa, izy ireo dia tsy…

98 Tsy nazava tsara tamin'i Jaona, koa dia naniraka an'ireo mpianany sasany izy mba hijery an'i Jesosy, mba hanontany Azy na tena Izy marina Ilay ho avy. Tena tsy fametrahana an'i Jesosy teo amin'ny Toerany izany! Taorian'ny



ambonin'ireo manda lehibe sady matevina? Hoy Andriamanitra: "Mandehana mankeny ary mihodidina toy izao, ary tsofy ny trompetra, ary aoka hianareo rehetra hiaraka hihiakiaka, fa hirodana ny manda." Eny fa, izany dia tena, izany dia tena ho fahadalàna ho an'ny fisainana ara-nofo. Fa i Josoa, fantany ny hatevin'io manda io, satria efa betsaka tamin'izany no efa namboariny, manda maro, tao Egypta. Fantany ny habetsaky ny simenitra tao, fantany ny hamafin'izany, fanaovana hazakazaka an-kalesy teo amboniny, ary nananganana trano mihitsy aza teny amboniny. Fa tsy niankina tamin'ny fahalalany manokana izy. Ninoany fa izay zavatra nolazain'Andriamanitra no marina, ary nankato ny Teniny izy, ka dia nirodana ireo manda. Tsy niankina tamin'ny fahalalany manokana izy.

149 Ary inona no nitranga raha, raha teo am-piadiana izy, ary, toy izay nentiko tamin'ny alahady, fa hilentika ny masoandro, niaraka tamin'ireo fahavalo izay nitsoaka niparitaka; tamin'iny alina iny, hivondrona indray izy ireo ka hiverina miaraka amin'ny miaramila maromaro kokoa, ka hamono betsaka ireo mpiaraka aminy. Noho izany, inona àry no nitranga raha nilaza izy hoe: "Mila ny fahazavan'ny andro aho. Mbola ilaiko ny fahazavan'ny masoandro. Eny àry, andraso kely, eto. Andriamanitra no nametraka an'izao lamina izao, ka dia mihodina ny masoandro, noho izany, mihodina ny tany. Ankehitriny, andeha ho jerena, raha miteny amin'ny masoandro aho mba hijanona… Ataoko fa raha tsy mihetsika ny tany ankehitriny, noho izany, dia ho lasa ny hery fisintonany, ka hilatsaka aho"?

150 Tsy nihaino ny fahalalany izy. Izao ihany no nolazainy, hoe: "Ry masoandro, mijanona hianao; ary hianao, ry volana, aza mihetsika amin'izay misy anao", ary dia nanaiky azy izy ireo. Tsy niankina tamin'ny fahalalany manokana izy. Fa niankina tamin'ny fampananten'Andriamanitra hoe: "Efa nomeko anao io tany io; mandehana rombaho izany."

151 Efa Nomeny anareo ny fampanantenana ny amin'ny Fanahy Masina. Afaka ny hahazo an'Izany hianareo mandritra izao fihaonana izao. Afaka ny handray an'Izany hianareo ankehitriny.

152 Aza miankina amin'ny hoe: "Fantatrao fa, reraka aho. Lazaiko aminao fa, nihinan-kanina loatra aho teo am-pisakafoanana. Tsy—tsy—tsy tiako ho hitan'i Jaona izao ataoko izao." Ô, mampalahelo! Miankina amin'ny fahalalanareo manokana hianareo.

153 "Ny teny fikasana dia ho anareo, sy ny zanakareo ary ho an'izay rehetra lavitra, na iza na iza hantsoin'i Jehovah Andriamanitra hanatona Azy."

154 "Ny dokotera efa nilaza tamiko fa ho faty aho. Nanao fitiliana ny amiko izy ka nilaza fa nahita homa-miadana tamiko, fa nisy an'izao tamiko, na zavatra toy izany. Efa voaheloka ny ho faty aho." Aza miankina amin'izany fahalalana izany. Andriamanitra no Tompo Andriamanitrao, izay manasitrana ny aretinao rehetra. Koa, aza miankina amin'izany fahalalana izany, na amin'ny fahalalan'iza na iza. Miankina hianao amin'ny

raha niankina tamin'ny fahalalany manokana izy rehefa tonga teo, teo akaikin'ny Andri-Afo, ka nanaovan'Andriamanitra taminy hoe: "Mandehana, fa homba anao Aho"? Inona no nitranga raha niankina tamin'ny fahalalany izy rehefa nitondra azy ireo teo amin'ny Ranomasina Mena, ka rehefa teo izy ireo, teo amoron-drano, kanefa Andriamanitra efa nampanantena azy ireo ny tany nampanantenaina? Inona no nitranga raha niankina tamin'ny fahalalany manokana izy ka nanao hoe: "Ahoana no ataoko mba hiampitàko eny amin'ny ilany? Tsy manana fotoana hanamboarana tetezana isika. Manatona ny miaramila, io aoriantsika io. Feno tendrombohitra eto andaniny roa. Misy rano eto anoloantsika, ny Ranomasina Mena"?

143 Eny, raha niankina tamin'ny fahalalany manokana izy, dia ho lasa ka, nanandra-tànana, nihazakazaka, dia hiankohoka teo an-tongotr'i Farao, ka hanao hoe: "Ry Farao, mamelà ahy, tsy mety nataoko."

144 Fa tsy niankina tamin'ny fahalalany manokana izy. Nivavaka fotsiny izy, ary Andriamanitra niteny taminy mba handroso, ary nisokatra ny ranomasina, izay nifanohitra tamin'ny fandinihana rehetra. Fa tsy niankina tamin'ny fahalalany manokana izy.

145 Inona no nitranga tamin'i Josoa, rehefa nandeha niaraka tamin'ireo hafa izy, ireo anaram-piangonana folo, fa nandeha teny izy ka nahita an'io tany nampanantenain'Andriamanitra io, raha niverina niaraka tamin'ireo izy ka nanao hoe: "Eny, andraso kely. Marina izany. Tena tahaka ny valala tokoa isika eo imasony. Olona goavam-be izy ireo. Ahoana no ahafahantsika handresy azy ireo? Tsy manana sabatra akory isika, fa ireo fitaovana mety hitantsika ihany. Ahoana no ahafahantsika handeha ho any handrombaka an'izany tany izany? Mba hevero kely, fa tena tsy hay atao mihitsy izany. Ny isan'izy ireo manatombo in-dimam-polo noho ny isantsika. Miaramila mpiady sady efa nahazo fiofanana izy ireo, fa isika kosa, mpiandry ondry avokoa sady mpilalao fotaka tany Egypta. Ahoana? Tsy manana fiarovan-tratra akory isika, na zavatra hafa, ahoana no fomba ahafahantsika handrombaka an'izany?

146 Mba hevero, ny fahalalana dia afaka naneho marina fa tsy ho vitan'izy ireo mihitsy izany. Na miaramila iza izy, tahaka azy na Mosesy, tsy afaka ny hiankina tamin'ny fahalalany manokana. Ny fahalalany fotsiny, tsy niankina tamin'izany izy ireo. Fa fantatr'izy ireo fa Andriamanitra no efa nilaza hoe: "Efa nomeko anareo io tanàna io. Mandehana hianareo ka rombaho izany!"

147 Aza miankina amin'ny fahalalanareo manokana. Raha miankina amin'ny fahalalanareo manokana hianareo anio, kanefa marary hianareo, angamba mety mipetraka eo ambony seza misy kodiarany hianareo, mety homa-miadana no mahazo anareo, mety marary fo hianareo, ka nilaza ny dokotera fa ho faty hianareo, raha miankina amin'izany fahalalana izany hianareo, dia ho faty. Fa aza miankina amin'izany fahalalana izany. Aza manao an'izany.

148 Ary inona no lazaina ny amin'ny mandan'ny Jeriko, izay voalaza fa afaka nanaovana fifaninanana tamin'ny kalesin-tsoavaly teo amboniny, teo



nitsanganan'io mpaminany io teo, tao anaty rano, niaraka tamin'ny Tenin'Andriamanitra, sy ny nilazany hoe: "Nahafantatra Azy aho, satria hitako ny—ny Fanahy Masina, tahaka ny voromailala, Andriamanitra nidina avy tany An-danitra tahaka ny voromailala ka niditra tao Aminy, ary nahare Feo avy tany An-danitra aho nanao hoe: 'Inty ny Zanako malalako izay sitrako.'" Ary taorian'izany, dia hoy indray Jaona: "Mandehana anontanio Azy na tena Izy marina izany, na—na—na: 'Tokony hiandry hafa va izahay?'"

99 Kanefa, Jesosy tsy nandefa taratasy ny amin'izany tokony hitondrany tena tsara ao an-trano-maizina, na tao amin'ny fiangonana izay mety nananany. Fa hoy Izy hoe: "Aoka hianareo hijanona kely hiaraka aminay ary jereo izay mitranga, ary rehefa izany, dia mandehana ambarao an'i Jaona ireo zavatra hitanareo ka tanteraka"; raha ny marina, ireo Asa izay Nataony, no nanamarina fa Izy no Mesia, Ilay Zanak'Andriamanitra. "Sambatra izay tsy tafintohina noho ny Amiko."

100 Lasa fahatafintohinana ho an'ny olona maro izany. Tena mora indrindra ho an'ny olona ny mahita fahatafintohinana ao amin'ny Tenin'Andriamanitra. La—lasa manohitra an'izany ilay olona, te-hiankina amin'ny fahalalany manokana izy ireo. Tsy te-hanaiky ny Tenin'ny Tompo. Noho izany, azo antoka fa tsy maintsy hanaraka izay làlana na—nampianarina azy mba hizorana fotsiny izy ireo. Ary ny làlana izay nampianarina azy, ny fiangonany dia miankina amin'izany. Ka na inona mety nampanantenain'Andriamanitra fa—fa handefa ranonorana, fa hisy ranonorana ny maraina, raha miteny ny fiangonana hoe: "Tsy mari-pototra izany", dia ny fiangonana no hinoany kokoa tokony Andriamanitra. Nahoana izany? Nateraky ny fiangonana izy ireo.

101 Fa ny olona iray naterak'Andriamanitra, dia voan'Andriamanitra. Ary ny voan'Andriamanitra, dia ny Tenin'Andriamanitra, ary Izany ihany no ivelomany. Io no Fiainany.

102 Noho izany, ,niankina tamin'ny fahalalany manokana izy ireo, fa, tsy mba te-hiankina tamin'ny Tenin'Andriamanitra. Fantatr'izy ireo ny maha-izy an'izany; efa tao anaty Soratra izany. Nolazainy fa "fanahy ratsy" izany, io Lehilahy teo io. Nahoana izany? Ny mpisorona teo aminy nanao hoe: "Izay rehetra mandeha mihaino ny tori-tenin'io Lehilahy io dia horoahina hiala amin'ny synagoga."

103 Indray andro, nisy lehilahy jamba nositranin'i Jesosy. Na dia ireo ray aman-dreniny aza, dia tena faly noho ny fahasitranany, nefa natahotra izy ireo ny hanambara fa Jesosy no nanao izany. Eny.

Hoy izy—hoy izy: «Zanakareo ve io?»
Hoy izy: "Eny."
Hoy izy: "Iza no nanasitrana azy?"

104 Hoy izy: "Tsy—tsy fantatro." Hoy izy: "Efa ampy taona izy, ndeha anontanio ny tenany. Hi—hiresaka ny momba azy izy."

105 Raha ny marina, voalaza fa "izay rehetra hiankina amin'ny Fahalalany, Kristy," fa tsy amin'ny fahalalany, dia "horoahina hiala amin'ny fiangonany". Tsy tahaka izany koa ve ny ankehitriny? Mametra-panontaniana aminareo aho. [Namaly ny fiangonana hoe: "Amena." — Mpandika.] Izany tokoa. Mitovy ihany ny sary asehon'izany. Na inona zavatra mety hasehon'Andriamanitra, ny an'ireo dia tsy maintsy izay mifanaraka amin'ny fahalalany manokana ihany, fa tsy izay hamarinin'Andriamanitra ho tena Marina. Eny, fa ilay tovolahy kosa, no nanana ny valiny.

Hoy izy: "Iza no nanasitranana anao?"
Hoy izy: "Ilay antsoina hoe Jesosy avy any Nazareta."
Hoy izy: "Mpanota io Olona io. Tsy fanta-pihaviana akory Izy."

106 Hoy izy: "Zavatra mahagaga tokoa, raha izany. Hianareo no tokony ho mpitarika amin'izao ora izao. Ary indro misy lehilahy nanokatra an'ireto masoko, zavatra izay tsy mbola nisy hatramin'ny niandohan'izao tontolo izao, kanefa lazainareo fa tsy fanta-pihaviana Izy." Ô! la la!

107 Nahoana? Niankina tamin'ny fahalalany manokana izy ireo, raha tokony tamin'ny Tenin'ny Tompo. Raha ny marina, efa nilaza Isaia fa "hahiratra ny jamba, fa hitsambikimbikina tahaka ny diera ny mandringa, fa hihoby fifaliana ireo tany karankaina". Nefa, hitanareo, niankina tamin'ny fahalalany manokana izy ireo, fa tsy tamin'ny Teny; tamin'ny rafitra naorin'ny tenany manokana.

108 Ankehitriny marihonareo, manao toy izany koa ireo fiangonana ankehitriny. Namorona taranaka feno fahalalana ara-tsaina indrindra ho azy izy, tamin'ny alalan'ny rafitry ny anaram-piangonany. Manana fahalalana ambony indrindra ny amin'ny zavatra maro, ka tena tsy tian'izy ireo hisy olona hikasika an'izany, fa tsy misy tafiditra ao raha tsy izay mpikambana ao ihany.

109 Aza miteny amiko hanohitra an'izany; fa monina any Tucson aho, any Arizona. Efa telo taona no nahatongavako tany, nihaona tamin'ny filan-kevitr'ireo fiangonana aho, sady nanao hoe: "Tsy tonga hanorina fiangonana mihitsy aho. Tonga aho mba hanana firalahiana aminareo. Tonga aho mba hanampy anareo. Misionera aho, evanjelista, izay no ataoko."

Hoy izy ireo: "Hanangana fiangonana va no hatongavanao aty?"

110 Dia hoy aho hoe: "Tsia tompoko. Tonga aho… Raha mila fiangonana aho, dia efa manana anankiray aho any Indiana." Hoy aho: "Tonga aty aho satria ny Tompo no nitarika ahy ho aty, tamin'ny fahitana. Hijanona andro vitsivitsy aty aho, eto, raha tahiny ka tsy Entiny any amin'ny toeran-kafa, fa tsy tonga hanangana fiangonana mihitsy aho. Tonga aho mba hanampy anareo, hianareo rahalahy."

111 Izany, telo taona lasa izay. Tsy nahazo fanasana na dia indray mandeha aza aho, na taiza na taiza. Nahoana? Satria nivory faingana izy ireo taorian'izany, ka niteny fa izay sahisahy manasa ahy ho eo amin'ny polipitrany, dia horoahina izany mpitori-teny izany. Hitanareo? Nahoana?



androny izy. Fa niankina kosa tamin'ny fampanantenan'Andriamanitra, ary nanao zavatra tamin'ny alalan'ny herin'Andriamanitra, nanamboatra sambo fiara mba hamonjena ny ankohonany izy. Kanefa zavatra nifanohitra indrindra tamin'ny fandinihana rehetra; tsy nisy rano teo, tsy mbola nisy mihitsy. Nefa fantany fa raha Andriamanitra no efa niteny fa hisy izany, dia hisy izany. Noho izany, tsy niankina tamin'ny fahalalany manokana izy, fa tamin'ny alalan'ny finoana no nietsehany, araka ny Teny nampanantenain'Andriamanitra. Ny Fanahy no nanosika azy, ka dia nanao izy.

138 Abrahama, tsy niankina tamin'ny fahalalana izay azony tamin'ny maha-olombelona azy. Ny vadiny, nampakariny teo amin'ny faha-fito ambin'ny folon'ny taonany teo. Ary dimy amby fito-polo taona izy ankehitriny, ary ny vadiny dimy amby enim-polo, zandriny folo taona izy. Fa Abrahama tsy niankina tamin'ny fahalalany rehefa nilaza Andriamanitra fa hanome azy zazalahy avy amin'i Saraha. Nefa nataony izay rehetra, na ny porofo siantifika rehetra izay nifanohitra tamin'ny Tenin'Andriamanitra, na ny fahalalana rehetra izay tsy tao anatin'ny Tenin'Andriamanitra, nataony ho toy ny tsy misy. Ary nidera hatrany an'Andriamanitra izy, nahery tsara, nanolotra fiderana ho Azy. Izy dia tsy nihevitra, tsy nijery akory ny momba ny tenany manokana, na ny an'i Saraha izay nanam-batana tsy afaka ny hanan-anaka intsony, ary—ary ny vatany ihany koa. Tsy nihevitra ny amin'izany izy, fa niankina kosa tamin'ny fampanantenan'Andriamanitra. Tsy niankina tamin'ny fahalalany manokana izy. Tsy niankina tamin'ireo fandinihana izy.

139 "Mba jereo kely," hoy hianareo, "Ry Rahalahy Branham, azo an-tsaina ny antony tsy hanasitranan'Andriamanitra ny marary intsony, satria efa manana mpitsabo mahay maro isika."

140 Hoy ny Baiboly: "Mandrava ny fisainana avo rehetra." Tsy mandinika isika. Ny finoana dia tsy mandinika. Ny finoana dia mino ka manaiky. Marihonareo izany.

141 Nefa nino izy, tsy mba isan'ny tsy nino; ary nataony ho tahaka ny misy izay zavatra tsy mbola nisy, nefa mifanohitra tanteraka amin'ny fisainana rehetra izany. Nefa tsy mba nandinika izy, fa nino, dia izay. Tsy nisy fandinihana afaka naneho ny fahafahan'io zaza io ho teraka. Io vehivavy io dia efa nitsahatra tamin'ny fombam-behivavy, efa ho roa-polo taona lasa angamba, ary ny vatany koa dia efa azo lazaina fa maty. Ary tamin'ny faha-zato taonany, dimy amby roa-polo taona taty aoriana, dia mbola nanolotra fiderana ho an'Andriamanitra hatrany izy, izay nifanohitra indrindra tamin'ny fahalalana rehetra momba an'izany. Fa, tamin'ny finoana, dia fantany fa Andriamanitra tsy maintsy hitazona ny Teniny. Tsy niankina tamin'ny fahalalany manokana izy.

142 Inona no nitranga raha niankina tamin'ny fahalalany manokana i Mosesy rehefa niteny taminy Andriamanitra fa handeha—handeha hanafika an'i Farao izy… na, hanala ireo zanak'Isiraely teo an-tànan'i Farao? Inona no nitranga

zazalahy. Ary nifanena tamin'Andriamanitra i Abrahama, tamin'ny dingana maro, tandindon'ny fiangonana izay nifanena tamin'Andriamanitra. Fa talohakelin'ny fahapotehina, sy ny fiverenan'ilay zanaka nampanantenaina, na ny marimarina kokoa, ny fahatongavany, ny fahatongavan'ilay zanaka nampanantenaina, dia nidina Andriamanitra ka naneho ny Tenany tamin'ny nofon'olombelona iray Izy, tao anatin'ny lehilahy iray, lehilahy telo. Tonga mba hamangy an'i Lota izy ireo; fa talohan'izany, dia tonga teo amin'i Abrahama izy ireo, ka nipetraka. Ny anaran'i Abrahama dia novàna tsy ho Abrama intsony fa Abrahama; ny hoe Saray lasa Saraha.

131 Ary io Lehilahy io, Ilay niresaka, Elohima, rehefa tonga niresaka taminy, inona no Nolazainy? Hoy Izy hoe: "Aiza Saraha vadinao?"

Hoy izy: "Ao an-day, eo Ivohonao izy."

132 Hoy Izy: "Hiverina aminao tokoa Aho raha avy ny taona toy izao." Ary nihomehy izy, tao an-day, teo Ivohony. Ary hoy Izy hoe: "Nahoana no nihomehy Saraha?" Hitanareo? Kanefa, afaka namono an'i Sahara teo no ho eo Izy, noho ny nihomezany tamin'ny Teniny, nefa tsy afaka nanao an'izany Izy, satria ampahan'i Abrahama i Saraha.

133 Ary ankehitriny, nilaza Jesosy, ao amin'i Lioka, toko faha-17 ka ny andininy faha-30: "Tahaka ny tamin'ny andron'i Lota, no hitranga koa amin'ny andro farany, ny Zanak'olona rehefa…"

134 Ankehitriny, tadidionareo, ny hoe "Zanak'olona", dia mpaminany. Jehovah dia niantso an'i Ezekiela hoe "zanak'olona". Jesosy dia tonga tamin'ny anarana telo: Zanak'olona, Zanak'i Davida, Zanak'Andriamanitra. Niantso ny Tenany ho "Zanak'olona" Izy, mba hahafantaran'ny olona, satria Izy no Ilay Mpaminany izay tokony natsangan'Andriamanitra.

135 Ankehitriny marihonareo, avy teo, nampanantena inona indray Izy? Fa hiseho indray ny Zanak'olona, alohakelin'izany andro izany, alohan'ny afo. Ary izany famantarana izany no farany hitan'i Abrahama, talohan'ny nahatongavan'ilay zanaka nampanantenaina; ary tafaverina ho tovolahy indray izy, ary ny vadiny lasa tovovavy. Taloha… Ankehitriny marihonareo, izany tokoa no voalazan'ny Soratra, ankehitriny dia tokony hiandry ny fisian'izany isika.

136 Ary noho izany, raha mahita ny fahasimban'izao tontolo izao isika, sy ireo zavatra hita ankehitriny, sy ny fomba fisehoan'izany, noho izany, ahoana no ahafahantsika milaza fa ity ampahany ity dia marina, nefa tsy manaiky ny fahamarinan'ity ampahany iray ity kosa? Satria nisy olona, miankina amin'ny fahalalan'izy ireo hianareo, fa tsy amin'ny fahalalan'ilay Andrian'ny Fiainana, dia ilay Olona, teo niaraka tamin'izy ireo, teo ambavahadin'ny Sodoma. Ankehitriny, mahatsikaritra isika, fa tsy miankina amin'ny fahalalantsika manokana.

137 Noa dia tsy niankina tamin'ny fahalalany. Taona naha-be ny fahalalana indrindra tamin'izay, nefa tsy niankina tamin'ny fahalalana nisy tamin'ny



Miankina amin'ny fahalalany manokana izy ireo! Izany tokoa, ireo olona ireo, milaza-tena ho zavatra, mivondrona amin'ny fahalalana lalina an'izay zavamisy.

112 Raha tsy mametraka anarana ao anatin'ny rejistrany hianareo, dia… olombery. Nisy mpitoriteny anankiray nilaza an'izao tamiko. "Ô," hoy hianareo, "io, karazana mpamitaka izy io." Fa pentekotista izy.

113 Jack Moore niaraka tamiko, nipetraka teo izahay ka nihaino azy, tao Dallas, tany Texas. Nilaza izy fa "tsy maintsy mandroaka lehilahy anankiray tao amin'ny rejistrany".

Hoy aho hoe: "Nahoana?"
– Satria nifandray taminao izy."
Hoy aho hoe: "Eny àry, esory izy."
Hoy izy: "Ahoana àry, fa raha izay dia ho very izy."
Hoy aho hoe: "Very?"
"Fa," hoy izy, "satria tsy ao anaty rejistra ny anarany!"

114 Hoy aho hoe: "Milaza tena ho mpanaramaso ambony hianao, nefa mino an'izany?"

Dia hoy izy: "Izay no marina."

115 Hoy aho hoe: "Atsaharo izany, ramose. Hianareo—hianareo… Tsy fahasoavan'Andriamanitra izao, izany-izany, hitanareo."

116 "Fa Fanahy iray ihany no nanaovam-batisa antsika rehetra, ho Tena iray, ka lasa mpikambana amin'io Tena io isika." Ny marika izay hentinareo, dia tsy misy dikany amiko, tsy misy ifandraisany izany. Fa amin'ny alalan'ny fahaterahana ihany no mahatonga anareo ho kristiana, ary izany fomba izany ihany. Izany ihany no fomba tokana ho anareo mba ho isan'izany, tsy amin'ny fikambananareo, tsy amin'ireo fampianaram-piangonana, tsy amin'ny fanetsehana an'izao, na fanaovana tsianjery an'izao, na zavatra hafa koa, na amin'ny alalan'ny fianarana, ny teolojia. Kristiana hianareo rehefa nateraka indray, ary tsy afaka ny hateraka indray hianareo raha tsy efa voafidy ho amin'ny fahaterahana indray. "Fa tsy misy mahay manatona Ahy, raha tsy taomin'ny Raiko, ary izay rehetra nomen'ny Raiko Ahy dia ho tonga." Amena. "Izaho no hanangana azy amin'ny andro farany."

117 Ireo milaza-tena ho sekoly Biblika ambony eto amintsika, dia hiteny, hiankina amin'ny fahaizany manokana izy. Ô! la la! Izy ireo… na inona na inona lazain'ny Teny, tena hainy hazavaina mazava tsara izany, ô, amin'ny tenany, mampino an'izany ho an'ny tenany ary mampino ihany koa ireo mitovy karazana aminy, fa "efa lasa ny andron'ny fahagagana. Ny mpaminany, ireo mpaminany, ireo apostoly, tsy misy intsony izany. Ireo fanomezampahasoavana manasitrana, sy ny rehetra, tsy misy intsony izany. Ireo zavatra rehetra ireo dia efa tapitra tamin'ny andron'ny Baiboly." Afaka ny mino an'izany izy ireo.

118 Fanatrareo fa, milaza ny Baiboly hoe "afaka mino lainga hianareo ka ho voaheloka noho ny amin'izany". Hitanareo, tena Fahamarinana izany. Mitsangana izy ireo... na inona mety lazain'ny Tenin'Andriamanitra, dia miankina amin'ny fahahalany manokana izy ireo. Izy ireo—izy ireo dia miankina eo amin'izany, ka tena mino, sady heveriny ho Marina. Afaka mino lainga toy izany ihany hianareo, im-betsaka, im-betsaka ary im-betsaka, ka aty aoriana, ho anareo, dia ho lasa Fahamarinana izany. Izany tokoa.

119 Fa ahoana no ahalalana hoe Fahamarinana izany na tsia? Andriamanitra no maneho izay Fahamarinana, satria ao anatin'ny Teniny izany ka Hamarininy an'Izany Izy. Izy Tenany ihany no manome ny fandikana.

120 Ahoana no ataon'izy ireo hahatongavany eo amin'izany? Noho ny kolotsainy, ny fahaizany, ny fahafantarany zavatra maro ka nahazoany diplôma, ny 'doctorat', sy ny sisa, ny seminera izay niofanany sy ny toerana nianarany an'ireo zavatra ireo.

121 Nefa, jereonareo, ry sakaizako, henoinareo. Tsy misy mangataka amintsika mihitsy ao amin'ny Baiboly mba hahafantatra. Tsy hangatahina amintsika ny hahafantatra an'Izany. Ny zavatra angatahina amintsika dia ny hino. Mino Izany amin'inona? Amin'ny finoana. Raha mahafantatra an'Izany hianareo, dia manafoana ny finoana izany. Tsy afaka ny mahafantatra an'Izany hianareo, nefa mino an'izany ihany. Raha toa ka afaka ny mahafantatra an'Andriamanitra aho, dia tsy ilaiko intsony ny hino an'Andriamanitra. Tsy mahafantatra an'Andriamanitra aho. Tsy misy olona mahafantatra an'Andriamanitra. Tsy afaka ny mahafantatra ny Tenin'Andriamanitra aho, fa ekeko kosa Izany. Hinoako Izany. Tsy angatahina amiko ny mba ahafantatra.

122 Izaho tsy, tsy mba niofana tamin'ny seminera, ireo fahalalana lehibe rehetra, izay fantatry ny olona momba Izany. Izao ihany no fantatro, dia ny filazan'ny Baiboly fa "Jesosy Kristy no tsy miova omaly, anio ary mandrakizay", ary ao anatin'izany karazan-javatra izany no andrasako hahitana Azy. Fantatro izay Nampanantenainy fa hatao ankehitriny, miandry ny Fanaovany an'izany aho, ary manao an'izany Izy. Izany tokoa. Nampanantena fahasoavana Izy, ka miandry ny handray an'izany aho, ka voaraiko izany. Nampanantena fanasitranana Izy, mino an'izany aho, nekeko izany ka voaraiko.

123 Ankehitriny, tsy te-handany loatra ny fotoananareo aho, fa mba te-hanontany zavatra aminareo, raha tianareo ny haharitra kely hiaraka amiko, mba hijery ny sasany tamin'ireo olona izay tsy niankina tamin'ny fahalalany manokana; ireo olona ao anaty Baiboly, vitsivitsy ihany, izay tsy niankina tamin'ny fahalalany manokana, izay tsy niantehitra tamin'ny fahalalana izay nisy tamin'ny taona niainany.

124 Raisintsika, ohatra, i Noa. Noa dia niaina tamin'ny andro nisy fikarohana siantifika goavana indrindra. Fa mety tamin'ny andron'i Noa no nanamboarana ny pyramida, izay tsy hain'izy ireo atao ankehitriny. Tsy manana fitaovana ilaina isika mba hanaovana an'izany ankehitriny, izay zavatra ilaina mba hanaingàna an'ireo vato lehibe ireo amin'izany hahavo izany. Tsy ho vita izany ankehitriny. Tamin'izany andro izany, nanana karazana akora simika nafangaro tamin'ny ranon-doko izy ireo, ary tsy nihofo ny akanjony mandraka androany. Nanana ranon-javatra fanosotra tamin'ny faty izy ireo izay nahafahany nitahiry an'izany; izay tsy vitantsika amboarina ankehitriny, na dia hisy hanao aza. Isika… taozavatra maro no very. Ny andro izay niainany, tao anaty taona feno siantifika, mpikaroka.



125 Nilaza ny amin'izany Jesosy, Voalazany fa hiverina indray ny taona toy izany alohan'ny Fiverenany: "Fa tahaka ny tamin'ny andron'i Noa." Eny, vonona ny hino an'izany ve hianareo, sa tsy izany? [Namaly ny fiangonana hoe: "Amena." — Mpandika.] Mino ve hianareo fa nilaza an'izany Jesosy? ["Amena."] Mino ve hianareo fa tafaverina amin'izany taona izany isika? ["Amena."] Kanefa, izany, dia hita ao anatin'ny Bokin'i Lioka, toko faha-17, ary ny andininy faha-29.

126 Ankehitriny, ao amin'i Lioka 17:30, hoy Izy hoe: "Ary tahaka ny tamin'ny andron'i Lota, ny Anjelin'ny Tompo rehefa…"

127 Kanefa, namaky Baiboly mitovy amin'izay vakintsika Izy. Ary Izy rehefa… Miverena any aoriana mba hijery hoe andro toy inona moa tamin'izay, talohan'ny ranonoran'i Noa. Miverena any aoriana mba hijery hoe andro toy inona tamin'izay, talohan'ny nahapotika ny tany, tamin'ny andron'i Lota. Jerenareo ny tamin'izay, dia ho hitanareo izay zavatra nolazain'i Jesosy.

128 "Tamin'ny andron'i Noa, nihinana ny olona, nisotro, nifampaka-bady ary nampaka-bady an'ireo zanany; ary tsy niahiahy akory izy ireo, mandra-pidiran'i Noa tao anaty sambo fiara, ka nahatonga ny safo-drano izay namono azy rehetra."

129 Tamin'ny andron'i Lota, talohan'izao tontolo izao… nandoran'ny afo ny tanin'ny jentilisa, ireo Sodomita, nisy ny fanambadian'ireo samy lahy, ireo fahasimbana, sy ny rehetra, teto an-tany. Lehibe tokoa… Los Angeles taloha izany; tsy hoe Los Angeles taloha ihany, fa mitovy tanteraka amin'ny Etats-Unis; tsy ny Etats-Unis ihany, fa ny tany rehetra. Azo antoka fa tena izany, ny fahasimbana! Very teo amin'ny olona ny loharanom-piainana voa-janahary, sy ny fahalalana voa-janahary izay nomena azy tamin'ny fiheverana tsara, simba izy ireo noho ny fanahy ratsy izay nanova ny fizotran'ny fiainany voa-janahary, ary azon'ny fanahin'ny demoniaka izy ireo. Raha tsy izany no filazana ny zava-nisy tamin'ny andron'i Noa, dia tsy fantatro intsony ny maha-izy an'izany, ary, tamin'ny andron'i Lota, no tiako lazaina. Tamin'ny andron'i Noa ihany koa, nihinana izy ireo, nisotro, nifampaka-bady, nampaka-bady an'ireo zanany, feno an'ireo tribonalin'ny fisaoram-bady, sy ny sisa, tena toy izany tokoa.

130 Kanefa, tadidionareo, talohan'ny namotehana ny tany, nirahina tety ambony tany i Abrahama, ary nandray ny fampanantenana izy fa hahazo